FAHAFATESAN'I AVONELINA - CFM 10

## SAMY MANANA NY FILAZANY NY MPOMBA AZY SY NY MPANADIHADY

MARINA IZANY ! 11

## KAREMY ISAN'ANDRO !


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7819 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Talata 12 martsa 2024


TAEKWONDO CRITERIUM 2024 15

## NANDROMBA-KA MEDALY VOLAMENA 2 I JESSICA



HAZAKAZAKA HO ENY TSIMBAZAZA 11

## FANTATRA OMALY NY OLON'NY TIM 20, KANDIDAN'NY FIRAISANKINA




DELESTAZY 5

## NILANJA SORABA-VENTY NY VAHOAKA TANY ANTSOHIHY

RAGEORGES 2

## 65 TAONA NITSOFANA SODINA SY NANAOVANA VAKODRAZANA





LISITRY NY KANDIDÀM-PANJAKANA 7

## SARO-PITERAHANA !







RaGeorges

# 65 taona nitsofana sodina sy nanaovana vakodrazana

*Mangataka ny mba hanomezana azy izay mari-boninahitry ny kanto mifanaraka amin' ny faharetany teo amin' ny tontolon'ny kanto izay nataony RaGeorges.*

Anisan'ny mpanakanto tranainy ary nitazona ny vakoka nentin-drazana hatramin'ny fahazazany Ranaivoson Georges fantatry ny maro amin'ny anarana hoe RaGeorges. Mpitsoka Sodina tao amin'ny tarika Rakoro Frah izy ary tao no tena nahafantaran'ny olona azy. 70 taona mahery izao RaGeorges raha ary feno 65 taona amin'ity taona ity no nitsofany sodina. Nambarany fa vao 5 taona monja izy dia nahay nitsoka sodina ary fony izy tao amin'ny tarika Rakoto Frah dia izy no manao ny laha-tsodina sy ny tsimbarivary. Maro ny mpitsoka sodina fa hafa mihitsy ny feo havoakan'ny sodina tsofin-dRaGeorges. Manampaniriana ny hankalaza izany tsingerin-taona izany ny tenany saingy noho ny antony maro samihafa indrindra ny antony ara-bola dia tsy ho vitany ny hanatanteraka izany. *"Raha misy olona na fikambanana tsara sitrapo sy malala-tanana dia vonona ny handray azy ireo aho mba hanamarihana ity tsingerin-taona ity"* hoy izy. Fa ankoatra izay dia mangataka ny mba hanomezana azy izay mari-boniahitry ny kanto mifanaraka amin'ny faharetany teo amin'ny tontolon'ny kanto izay nataony RaGeorges. Somary nilatsaka kely ny ranomasony teo am-pitenana izany. *"Tena tsy misy mpijery ve izahay mpanakanto efa antitra sy koka?"* hoy izy. Anisan'ny nitondra avo ny kanto malagasy tany ivelany anefa RaGeorges. Efa tany Algerie izy, ary efa nahazo ny voalohany tamin'ny fifaninanankira (vakodrazana), efa tany Marseille France, Portugal, Norvege sy toerana maro samihafa any ivelany any. Ankoatra izay dia efa nitety ny renivohim-paritany teo amintsika ihany koa izy ary nahavita nitety kaominina sy fokontany maro tamin'ny alalan'ny fitsofana sodina sy ny vakodrazana. Maro ihany koa ny mpanakanto manandratra ny kolontsaina sy ny vakodrazana malagasy efa nampiara-peo sy nanehoany ny fahaizany mitsoka sodina ka anisan'izany ny Riambetso, Dadagaby.



**Namorona tarika ho azy manokana RaGeorges ary nanangana ny "Domoinan'i Gaskara".**

**Lehiben'ny tarika Domoinan'i Gasikara**

Raha ny fanazavany dia betsaka ny hira sy dihy vakodrazana noforonina ho an'ny tarika Rakotofrah. Taty aoriana moa rehefa nodimandry tamin'ny taona 2001 dia nandeha namorona tarika ho azy manokana izy ary nanangana ny "Domoinan' i Gaskara" mapanao vakodrazana. 30 mianadahy no mpikambana ao amin'ny tarika ary tsy latsaky ny 700 ny hiran'izy ireo ka ny ankamaroany dia RaGeorges daholo no namorona ny sora-dihy sy ny feon-kira ary ny tononkira. Anisan'ny nasaina haneho ny talentany nandritra ny fankalazana ny taombaovao malagasy teny Ambohidratrimo izy ary nanafana ny lanonana teny an-teorana.

Marihana fa teraka tetsy Ankadifotsy RaGeorges. Teny Andranomanalina kosa ny tanana nahalehibe azy ary amin'izao fotoana izao dia eny Atanetibe Ivato no toerana misy azy.

**Tiaray R**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Aleo mitoetra irery tsy misy hafa manelingelina toy izay manana namana iarahan-dalana, kanefa tsy azo ifaharana! "
Ny Vetso (12.10.16)
("La solitude vaut mieux que la mauvaise compagnie")

Finoana sy ny daty - 11 Martsa 2024

# Taombaovao malagasy, karemy, Ramadan, omaly

Andro miavaka ny datin'ny 11 martsa 2024 omaly. Fifandrifian-javatra ve sa misy kajikajy nataon'ny manampahaizana sy ny mpandinika ny tetiandro ? -Nifanandrify omaly avokoa ny daty telo sosona mikasika ny finoana sy ny tetiandro : ny taombaovao malagasy ho antsika malagasy manerantany mazava ho azy ; Ramadan ho an'ny mpino silamo ary farany ny karemy ho an'ny mpino katolika.

Ho an'ny mpino silamo omaly 11 martsa ny fanombohan'ny Ramadan ho azy ireo. Izany hoe ny alin'ny alahady 10 martsa no nanomboka nifady hanina ny mpino silamo ary tsy hifarana izany raha tsy ny andron'ny talata 9 aprily 2024. Ireo osa sy ny tsy salama no afaka misakafo amin'ny atoandro fa ankoatra izay ny alina vao afaka misakafo. Raha vao miposaka ny masoandro dia tsy misy misakafo intsony mandritra ny iray volana hanaovana ny Ramadan.

*Ho antsika Malagasy, na mbola tsy tena tafiditra anatin'ny kolontsainantsika aza ny fankalazana ny taombaovao malagasy. Misy ihany ireo mpandala ny fomba amampanao sy ny kolontsaina malagasy nanamarika ny daty omaly.*

Ho antsika Malagasy, na mbola tsy tena tafiditra anatin'ny kolontsainantsika aza ny fankalazana ny taombaovao malagasy. Misy ihany ireo mpandala ny fomba amampanao sy ny kolontsaina malagasy nanamarika ny daty omaly. Nanohana ny hetsika rahateo ny Fanjakana tamin'ny alàlan'ireo hetsika rehetra notarihin'ny Minisiteran'ny Kolontsaina sy ny serasera. Andrasana ny fametrahan'ny mpitondra ny daty ho andro tsy fiasana amin'ny fomba ofisialy. Ho an'ny mpino katolika. Alatsinainy fahefatra amin'ny karemy ny andron'ny 11 martsa 2024 omaly. Raha ny tokony ho izy, tokony hifady hanina ireo mpino katolika ireo toa ny an'ny mpino silamo. Saingy amin'ny ankapobeny, ny tsy fihinanana hena no tena arahin'ny mpino kristiana katolika eto amintsika.

**Nangonin'i Fy**

" Mitsangana ry tanora " vaovao

# Tratran'ny rivodozan'ny fesiboky ilay rindran-tsary vao nivoaka

Mandravarava ny fesiboky eto amintsika. Ary tsy ohatran' ny fiavian'ny rivodoza intsony fa toy ny firimorimon'ny tadio goavambe na rambon-danitra ireny mihitsy aza raha ny fahitana ny fanakianana sy ny fanehoan-kevitra miiban' ny mpikirakira fesiboky ny faran'ny herinandro teo mikasika ilay rindran-tsarin' ny hira « Mitsangana ry tanora » niarahan'i Eliandry Rahary sy Didà RH ary Tahiana Bradley niaraka tamin'ny tanora marobe teo amin'ny kianjaben'i Mahamasina. Vetivety ny fiparitahan'ilay rindran-tsary tao anatin'ny fesiboky sy ny youtube satria fotoana fohy dia analiny no nahita ary an'arivo no naneho hevitra. Amin'ny ankapobeny, hevitra miiba sy fanakianana no niraradraraka fa nanomboka omaly vao hita ho somary tonitony ny fanehoan-kevitra. Misy mihitsy aza ny miteny ratsy sy manompa ireo tanora nanatanteraka iny rindran-tsary iny. Tsy ho soratanay eto angamba ireo ompa sy fomba filazana mandratra fa sombiny amin' ny fanehoan-kevitra no atolotray eto ka nahatonga ireo tanora voalaza anarana naneho fialantsiny tao anatin' ny pejiny.



**Sombin-tsary tamin'ilay rindran-tsary " Mitsangana ry tanora".**

Raha jerena amin'ny ankapobeny, natao ho an'ny tanora tokoa ny gadona sy ny fomba rehetra nanehoana ny rindran-tsary. Matihanina ary voarindra tsara ny lafiny teknika nentina nandravahana ilay rindran-tsary rehetra. Nandaniana vola sy ron-doha tokoa mba tsy ho mena-mitahy ny maha kanto azy. Saingy fanakianana mivaivay no nisedra azy vao nivoaka mihitsy ilay rindrantsary, izay voalaza fa efa nandeha tamin'ny fahitalavitra Tvm rahateo ihany koa.

Sombiny amin'ireo fanehoan-kevitra no indro entinay ho anao mpamaky eto. Samia mamisavisa hoy i Dedesse izay !

**Mirado**

TEZITRA FARAN'IZAY TEZITRA

Izao mihitsy ilay mahatonga ny olona tsy hanome hasina ny asanay!! Ianareo tsy manadihady tsara any dia mamomoka hira fahatany any te hanao buzz! Ny kanto tompoko dia tsy buzz no tanjona! Ary ny kanto dia mahasaropiaro ary mila tandrovana tsara!

Mpihaino hira vahiny aho sady tia hira vahiny! Fa INONA moa no hidiran'ny MDRM amin'ny teny frantsay anareo anatin'ilay hira? Kristiana aho ary mpino! Fa INONA moa no hidiran'i Jesosy anatin'io hira io? Aza entinareo manafitohina olona ny anarany!

Masiaka aho! Raha misy mpankafiako tsy mazaka izany teny izany dia tsy azonao sy tsy tsapanao ny lanjan'ilay kanto ataoko izany!

MINISTERA ny KOLONTSAINA OO! Mba jereo akaiky io dia mila masiaka isika amin'izao tsy fanajana izao!

**Tann Faya**

Mba Fantatr' ireto ve aloha ny Tantara, Dikany sy Lanja ary Hasin' ilay Hira "MITSANGANA RY TANORA"! Dia mbola nampiana TENY FRANTSAY koa re Lanitra ooh'!!! ...Fa maninona no manimbazimba sy mikitika Zava-Pady Rankizy!

**Andry Herinjaka Ranaivo** : Amiko ny zavatra rehetra tsy voatery atao moderna (raha moderna no hilazana an'io). Very tanteraka ilay filozofia namoronana azy tany aloha !!! Raha mba efa tafita indray i Madagasikara dia tsy mifaka aho, fa raha ny toerana misy antsika ankehitriny aloha dia aleo ilay taloha ihany no hamelomana ny afom-pitiavana ny tanindrazana fa tsy io e !!

**Tahina Bradley**

Betsaka ireo tafitohina manoloana ilay hira nivoaka omaly nitondra ny lohateny hoe « Mitsangana ry Tanora ». Eto izahay dia maneho ny fialan-tsiny tanteraka

Tsy sanatria andeha hanimbazimba ny hasina sy ny kanto malagasy no tanjonay fa kosa hanaitra ny tanora handray andraikitra sy hikolokolo Firenena

Voaray ary tsy nataonay ho ambanin-javatra ireo hevitra nalefanareo fa raisinay ho lesona avokoa.Mamerina ny fialan-tsiny ary mirary ny soa ho antsika rehetra.

Salamo 25:7(…)

**Nangonin'i Fy**

Beback (Mage 4)

## "Ilaina ny mianatra sy mandalina mozika na efa matihanina aza"



**Anisan'ireo mpitendry sangany eto amintsika i Beback.**

***Gazetiko*** : Anisan'ny mpively amponga maroanaka kalaza eto Madagasikara ianao. Tantarao kely ny nahatonga anao nanana talenta tamin'ny fivelezana amponga maroanaka ?

**Beback** : Tsy kalaza ngambany no ilazako azy satria ny mozika dia fianarana hatrany hatrany ! mbola mianatra aho hatramin'izao, dia miezaka ny mandalina hatrany. Raha ny lalana nodiaviko indray ! Nanomboka teo amin'ny faha-9 taonako aho no nanomboka tia mively amponga maroanaka. Mpanaraka ny dadako sy ny mamako aho amin'ny maha mpanakanto azy ireo. Ary na tany am-pianarana aza aho dia ny penina fanoratako sy ny fitsipika ampiasaiko no ampiasaiko ataoko solon'ny amponga maroanaka. Teo amin'ny sehatry ny matihanina indray, tany amin'ny resaka fampandihizana no nanombohako. Taty aoriana niara-niasa tamin'ny artista marobe ary mbola miara-miasa ihany hatramin'izao. Nandalina ny mozika rock sy ny fanahiny aho satria mozika tena tiako io. Dia amin'izao ao amin'ny tarika Mage 4 izao.

**Gazetiko** : Zanaky ny kalaza ianao eo amin'ny sehatry ny kanto araka ny voalaza etsy ambony. I Noro, mpihiran'ny Les 5 MR Razafy tamin'ny fotoan'androny ny reninao ary i Ra-Gerd, mpively amponga maroanaka tao amin'ny tarika Iraimbilanja ny rainao. Mbola mamoron-kira i Noro (reninao hatramin'izao). Miara-miasa ve ianareo mianaka ?

**Beback** : Tena miara-miasa akaiky izahay mianaka. Mitana toerana lehibe mihitsy ny mozika ao aminay satria samy artista izahay mianaka. Ny anarako hoe Beback, ny mamako no nanome an'io : « to be back » (izy moa mpampianatra rahateo), izany hoe hamerina ny sata sy ny talentan'ny raiko.

Rehefa mahavita hira izy dia miantso ahy. Efa betsaka ny hira noforoniny, na tononkalo ihany koa. Izaho no mandrindra ny hirany rehetra ary eo am-piketrehana ny tahirin-kirany mihitsy izahay mianaka amin'izao.

**Gazetiko** : Ankoatra ny fivelezana amponga maroanaka, inona ihany koa ny zavamaneno voafehinao ? Mamoron-kira vé ianao ? Inona no hiran'ny Mage 4 noforoninao ? Afaka mampianatra mively amponga maroanaka ve ianao ?

**Beback** : Tena mamoron-kira mihitsy aho. Mitendry gitara sy gitara beso ihany koa izaho. « Piraty » ny hiran'ny Mage 4 noforoniko. Manana hira maromaro aho saingy tarika hafa sy namana no mihira azy ary ny sasany mbola ho hita ao amin'ny tarika Mage 4 aoriana ao. Afaka mampianatra aho sady mizara ihany koa. Izay traikefa kely mba ananako. Fa araka ny efa nolazaiko teo ho eo fianarana foana ny mozika.

**Gazetiko** : Inona ny toro-hevitra omenao ho an'ny ankizy te ho lasa lavitra amin'ny mozika ka hahafahany hisedra sehatra avo?

**Beback** : Ny toro-hevitra omeko ny ankizy te ho lasa lavitra angamba dia hoe tadiavo mihitsy ilay fanahin'ilay mozika tianao hatao. Ary mahaiza koa misafidy ny zavamaneno tena mety sy manambina anao! Iaino mihitsy ary avoahy ilay kanto ao anaty! Aza matahotra ihany koa manao zavatra.

**Dinika nifanaovan'i Fy**

Hiragasy

# Maro ny tarika nanaraka ny FIMPIMAMAD Miray

*Nipoitra rehefa nangina nandritra ny taona maro ny fikambanana natsangan-dRamilison Besigara fony fahavelony.*



**Ireo mpikambana mandrafitra ny FIMPIMAMAD tarihin'ny filohany Ramanakarivo Jean José.**

Mijoro ankehitriny ny Fikambanan'ny Mpihiragasy eto Madagasikara Miray (FIMPIMAMAD Miray). Ramanakarivo Jean José avy ao amin'ny tarika Sahondrafinina Zanany no filoha mpitarika azy. Ara-tantara dia fikambanana natsangan-dRamilison Besigara tamin'ny taona 1976 niaraka tamin ireo birao niara-nitantanana taminy tamin'zany izay nahitana an-dRakotoarivo Kavia avy any Ampahimanga, Sahondrafinina Ratovoson Ampahimanga, Rakotomavo Pierre avy any Ambatoatrano. Noho ny antony maro samihafa anefa dia niato ny fikambanana ary nipoitra teo ny FMGM. Tsy nanisy sakana izany ireto farany satria olona mahafantatra sy notezaina tao anatin'ny hiragasy hatramin'ny fahakeliny ny filoha Rapetit. Amin'izao fotoana izao, tarika maromaro no niataka tao amin'io FMGM io noho ny fahatsapan'izy ireo fa tsy mifanaraka amin'ny soatoavina sy ny lalan-tsaina takian'ny mpandala ny vakoka nentin-drazana ny nahalany filoha an'i FMGM an-dRanaivonantenaina Fanomezantsoa Tojonirina Mamy fantatry ny maro amin'ny anarana hoe Tojo. Nanambara ny mpikambana iray fa " tsy mahalala ny 5%n'ny tantaran'ny hiragasy akory ity natao filoha ity, tsy mpihira gasy izy fa mpanaraka fotsiny". Nametraka ny hahiahiny ihany koa ny FIMPIMAMAD ny fomba nahalany ho filohan'ny FMGM an'i Tojo. Nambaran'izy ireo fa nisoratena sahady ho mpitantana vonjimaika ny FMGM i Tojo kanefa ny nofo mangatsiakan-dRapetit tamin'izay fotoana izay dia mbola tao ambohitra tao amin'ny Kianjan'i Hiragasy. Efa tsy nanaiky izany ny mpitarika hiragasy saingy mbola nisisika tao ihany i Tojo ary ny tena nahagaga ny maro ny nahasahiany nilatsaka ho fidiana ho filohan'ny FMGM ka nahalahy azy. Tarika Mpihiragasy maromaro avy amin'ny faritra maro araka izany no niala tao amin'ny FMGM ka nanaraka ny FIMPIMAMAD Miray. Manana kianja roa azo hilalaovana izy ireo dia ny etsy amin'ny Kianjan'ny Kanto sy etsy Anosy.

### Mpikambana maro

Anisan'ny mpikambana mandrafitra azy ny avy amin'ny tarika Rasoalalo kavia izay soloin'ny Solofoson Gasipira tena, Rakotomalala mpkabary ao amin'ny Sahondrafinina Zanany, Ravelosona Jena Ba mpitarika ny tarika Raveloson Jena Ba Arivonimamo, Ranoelsion avy any Ampahimanga, Razakason Filohan' ny tarika Razakason avy any Fenoarivo, Ramanakarivo Jean José avy ao amin'ny tarika Sahodrafinina Zanany, Dararivo avy ao amin'ny tarika Dadalora avy any Ampahimanga, Ingahy Rainimanga avy ao amin'ny tarika Rasoalalao Kavia, Dorisy avy ao amin'ny tarika Rasohasimanga, Fredy mpikabary avy amin'ny tarika Razafimahandry Sahavato Be, Rivo avy ao amin'ny tarika Raintelo avy any Andohavary, Valery avy ao amin'ny tarika Ratovoson avy any Ampahimanga, Ninah avy ao amin'ny tarika Ramilson be sigara, Isidore avy ao amin'ny tarika Randrianasolo Betsileo Andiana, Lala avy ao amin'ny tarika Rakotosolofo Betsinjaka avy any Fenoraivo, Rodolph mpikabary ao amin'ny tarika Rafarahasimanga Georgine avy any Ambohimadroso, Rabeson avy any Fenoarivo Be, Toky Kely avy ao amin'ny tarika Ravalomanana avy any Fenoarivo, Rivo mpively langoroana avy ao amin'ny tarika Fenoarivo Gara, Rado Rakotomavo Pierre avy any Ambatoatrano. Ny Minisitry ny serasera sy ny Kolontsaina moa no filoham-boninahitra ny FIMPIMAMAD miray

**Tiaray R**

Distrikan'i Tsaratanàna

# Tsy nanadino ny fikambanam-behivavy Atoa Thony



Ho fanatsarana ny fiainana ara-tsosialy ho an'ny vehivavy izay nanamarika ny andron'ny valo Marsa tany amin'ny distrikan'i Tsaratanàna iray manontolo, dia nanome fanampiana ho azy ireo Atoa Thony Andriamalala. Tsy nikely soroka amin'ny fifanomezan-tanana ny zokibe Ray aman-dreny amin'ny fanomezana: Lamba ho fanamina ambony na Tee-shirt aman'arivony maro hoan'ireo vehivavy rehetra, eny na dia ireo tsy anatin'ny fikambanam-behivavy any amin'iny faritra iny aza. Tsy vitan'izay ihany koa ny tolon-tanana sy fanomezana nataon'Atoa Thony, fa mbola nanolotra vola hoan'ny kaomitin'ny valo Marsa nentina nankalazana ny andro iraisam-pirenana hoan'ny zon'ny vehivavy. Ny tanjona amin'izao fifanampiana izao, dia ny hisitrahan'ireo vehivavy rehetra zanak'i Tsaratanàna ny ireo fanomezana mba tsy ho ambakan'ny hafa amin'ny resaka fianjaika sy mba hanaovan'izy ireo fety tahaka ny vehivavy rehetra maneranan'ny Nosy tamin'iny andro natokana ho azy ireo ny Zoma 08 Marsa lasa teo iny. Marihana fa efa fanaon'Atoa Thony ny fanampiana tahak' izao any amin'ny disitrikan'i Tsaratanàna, ary tsy vao sambany izany. Tsy hijanona hatreo ny fijerena sy famahana ny olana any an-toerana fa hitohy hatrany na dia nataon'ny sasany an-kilabao aza ny any Tsaratanàna.

**Ratantely**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Lamba, kiraro, boky, vy, fanaka, TV, kojan-dakozia, poketra, debara. Rason. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 774/15-6)

* Mm Feno. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 773/20-7)

### FORMATION

* Droit de Travail : Formateur, Inspecteur de travail. Tél : 032.42.817.46. Fb MANAMPY JURISTE. (G-BA 769/20-10)

### COUR

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 778/6-1)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, fosse perdue & puisard…
Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA-775/20-5)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 777/6-1)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 777/6-1)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 777/6-1)

Taombaovao malagasy

# Nandray ny hetsika ny Rovan'i Madagasikara



Ny Filohan'ny delegasiona manokan'ny tanànan'Antananarivo (PDS), Richard Ramanambitana ny alahady ny hariva teo.

Akon'ny fitsenana ny taombaovao malagasy teto amin'ny Rovan'i Madagasikara. Taorian'ny fizarana ny afo tsy maty teny amin'ny rova ny alin'ny 10 martsa dia nisy ny fitsofan-drano ny maraina faha -11 martsa narahina vary amin-dronono tondrahan- tantely sy fizarana salohim-bary ho any rehetra.

Amin'ny maha tompon' andraikitra voalohany azy eto amin'ny tanànan' Antananarivo, izay ivon'ny fankalazana ny taom-baovao malagasy, dia tonga nanome voninahitra ny andro Fidiovana sy fangataham-pitahiana, izay tafiditra anatin'ny fanamarihana izany ny Filohan'ny delegasiona manokan'ny tanànan' Antananarivo (PDS), Richard Ramanambitana ny alahady ny hariva teo. Nandritra ity lanonana notanterahina tao amin'ny Rovan'i Madagasikara ity no nilazan'Andriamatoa PDS fa ny taombaovao Malagasy dia famerenana indray ny hasina maha olona sy ny fifankatiavan'ny malagasy ary ireo soatovavina toy ny fifanajana.

Tiaray R

Fampiasana Aterneto

# Tonga ary efa azo ampiasaina eto amintsika ny "Airtel Satellite"

Nampahafantarina ny mpanao gazety omaly tetsy amin'ny foiben'ny Airtel etsy Ivandry ny mikasika ny « Airtel Satelite » izay fifandraisana avy amin'ny zanabolana. Vokatra vaovao tsy mbola nisy nampiasa teto Madagasikara izy io ary firenena 14 aty Afrika mampiasa ny tambajotra Airtel no efa mampiasa azy taorian'ny andrana natao tany Afrika Atsimo tamin'ny Septambra 2023. Amin'ity taona 2024 dia kosa nonahazo ny anjarany isika eto Madagasikara. Fisokafan'ny fiaraha-miasan'ny Airtel amin'ireo mpampatsy Aterneto no nahazoana ity "Airtel Satellite" ity raha ny fanazavana. Hanamorana sy hanafainganana ny fifandraisana amin'ny alalan'ny aterneto sy ny manodidina azy no antompisiany ka amin'izao fiatombohany izao aloha dia ireo orinasa lehibe sy ny orinasa madinika sy salantsalany no ahazo tombony amin'ny fampiasana azy. Ny mampiavaka azy ity amin'ny fifandraisana nisy hatramin' izay dia mahazo azy daholo na dia toerana lavitra ny tanan-dehibe aza. Nambaran' i Anne Catherine Tchokonté, tale jeneralin'ny Airtel Madagascar, fa *"manana andraikitra amin'ny fampiroboroboana ny fifandraisana amin'ny alàlan'ny tolotra maro samihafa misy ao aminy ny Airtel Madagasikara mba hiantohana amin'ny fifandraisana tsy misy manelingelina kanefa haingam-pandeha »* Tsy dia lavitra loatra miala amin'ny tany ny fihodinan'io zanabolana mihodina amin'ny tany io na ilay antsoina hoe LEO (Low Earth Orbit) satria dia eo amin'ny 160 ka hatramin'ny 2,000 km ny haavony.

Tiaray R



Ahazo tombony amin'ny fampiasana ny Airtel Satelite ny orinasa vaventy sy ny orinasa madinika sy salan-tsalany.

Hosana Ambohijatovo Fitiavana

# Hankalaza ny faha-60 taona nitoriana an-kira ny filazantsara

Ny taona 1964 no niorina tao amin'ny FJKM Ambohijatovo Fitiavana ny antoko mpihira Hosana izay ny mpitandrina tamin'ny fotoan'androny no nanomorona ny anarana. Tany am-piandohana dia nindrana hiran'olona ny tarika fa mbola tsy nanana mpamoron-kira. Ankoatry ny teo anivon'ny fitandremana dia nifamangy tamin'ny fiangonana 3 manodidina no nataon'ny Hosana rehefa lohavolana no tena zara asa natao nandritra ny taona 70 sy 80 tany. Nanomboka nivoaka namaly fanasana ny hosana ny taona 90 ka hatramin'izao. Teto Antananarivo sy ny manodidina ary faritra vitsivitsy any ivelany no efa nanapariahan'izy ireo ny fitoriana ankira izay nataony. Mankalaza ny tsingerin-taona faha-60 ny Antoko mpihira Hosana Ambohijatovo fitiavana amin'ity taona ity. Maro ny hetsika hanamarihan'izy ireo ny fankalazana ka hanokafana izany amin'ny fomba ofisaly ny rindran-kira ara-pilazantsara sy Antsampanahy lehibe atao ao amin' ny FJKM Ambophijatovo Fitiavana amin'ny 31 Marsa izao izay hanomboka amin'ny 3 ora tolakandro. Hiara-hiredona ireo hira nahafantarana azy hatramin'izay ny Antoko mpihira Hosana Ambohijatovo toy ilay hira hoe "Antso ho anao", "Ahy Jeso", "Midera anao aho" sy ny maro hafa. Notsongaina manokana ireo hira hatolotra amin'io 31 Marsa io. Tsy latsaky ny 100 ny hiranay amin'izao fotoana izao ka ireo nanamarika ny fiarahana hatramin'izay no notsongaina manokana." Hoy ny tompon'andraikitry ny serasera eo anivon'ny Hosana. Tsy misy vidim-pidirana io fa valopy no hozaraina amin'ny rehetra hametrahana izay foy.



125 ny mpikambana ao amin'ny Hosana Ambohijatovo Fitiavana ankehitriny, 75 eo ho eo ny vehivavy ary 50 eo lehilahy. 15 amin'ireo mpitendry sy teknisiana.

**Mpikambana 125**

Marihana fa Gege Rajaonarivelo no "chef de coeur" nanomboka tamin'ny taona 1987 ary mbola izy no mpitarika hatramin'izao. Izy ihany koa no mamorona ny hira sy ny feony fa ny fandrindrana kosa dia iarahan'ny rehetra. Manodidina ny 125 ny mpikambana ankehitriny, 75 eo ho eo ny vehivavy ary 50 eo lehilahy. 15 amin'ireo mpitendry sy teknisiana. Hatramin'izay 60 taona izay dia efa namoaka rakikira 8 ny Antoko mpihira Hosana Ambohijatovo Fitiavana. Isaky ny Asabotsy hariva amin'ny 4 ora ny fotoana fivorian'ny fikambanana ao am-piangonana. Raha Robe pastorale no fanamiana tamin'ny fotoan'androny , ankehitriny kosa efa misy karazany 13 ny fanamiana, amin'ny endriny sy loko samihafa araka ny fivoaran'ny toetrandro sy ny vanim-potoana iainana. "Samia mihira fihiram-baovao ho an'i Jehovah dia ny fiderana Azy hatramin'ny faran'ny tany ( Isaia 42:10b) noteny filamatra entina manamarika ny fankalazana ny tsingerin-taona faha-60.

Tiaray R

MANAL'AZY DE MI'MEME



Delestazy

# Nilanja sorabaventy niaraka tamin'ny kiririoka ny vahoakan'Antsohihy

*Mangataka ny hamerenana faran'izay haingana ny herinaratra.*



Tsy nanaiky ny olona raha tsy nihaona tamin'ny tomponandraikitry ny Jirama.

Tsy misy mandeha amin'ny laoniny intsony ny asa amandraharahan'ny vahoakan'Antsohihy noho ny delestazy. Vokany, nidina an-dalambe izy ireo, niaraka tamin'ny kiririoka sy ny horakoraka ary filanjana sorabaventy. Namakivaky ny tanàna ireo vahoaka anjatony mba hanoherana sy hanairana ny fitondram-panjakana sy ireo tomponandraikitra eo anivon'ny Jirama. Tsy eken'ny mponina mantsy ny tranga misy any satria tsy maintsy aloa isam-bolana ny faktiora kanefa tsy mifanaraka amin'izay ny tolotra omena azy ireo. Nandritra ny tontolo andro omaly, nizotra nihazo ny biraon'ny Jirama Sofia izy ireo saingy birao efa nikatona no novantanina. Tsy vitan'izay fa nisy mpitandro ny filaminana ihany koa niezaka nandamina sy nifampiresaka tamin'ireto vahoaka efa tezitra. « *Avoahy ny Talen'ny Jirama hifanazava aminay fa efa tsy rariny intsony ny zavamisy ankehitriny. Tapaka ny jiro kanefa tsy misy fanazavana omena ny mponina. Niezaka nitony ihany izahay saingy efa amam-bolana no tapatapaka ny herinaratra. Tsy misy tetiandro mampilaza mialoha amin'ny olona ny ora mety hisian'ny delestazy fa manao izay tiany atao fotsiny ny Jirama. Tsy misy asa vanona, simba ny sakafo sy ny fitaovana, ny andro mamay, ny hofantrano sy ny saram-pianaran'ireo ankizy tsy voaloa rehefa tsy afaka miasa izahay* » hoy ny mponina.

**Vahaolana**

Nisy fihaonana tamin'ny prefet sy tomponandraikitra eo anivon'ny jirama ihany ka nahafahan'ireo solontenan' ny mponina namoaka ny halahelony sy ny hafatra ary fitakiana vahaolana faran'izay haingana sady maharitra. Afaka nifampiresaka tamin'ny tomponandraikitra eo anivon'ny First Energie izay hita any Bekitrobaka Antsohihy ny mponina ka tamin'izany no nahafantarana fa misy milina mamokatra herinaratra roa mandeha ary ny iray mbola amboarina. Etsy ankilan' izany, miezaka manafatra vata mpanovo herinaratra na "transformateur d'intensité" avy any Ambanja sy Maevatanana izy ireo ka antenaina tonga anio ireo fitaovana ireo. Nanome toky amin'ny vahoaka ireo tomponandraikitra fa amin'ny alakamisy dia efa tokony ho vita ilay milina iray simba ka hiverina amin'ny ampahany ny famatsiana herinaratra. Etsy ankilan'izay, misy ihany koa ny vahaolana iray dia ny fanamboarana ny panneaux solaire izay nipoahan'ny varatra ka mampihena ny famatsiana herinaratra any an-toerana. Nifanarahana ihany koa fa hisy ny famoahana tetiandro amin'ny fahatapatahanan'ny herinaratra raha mbola misy ny delestazy mba tsy ho tampohina intsony ny mponina. Mampitandrina ny vahoaka fa raha tsy milamina ny toe-draharaha aorian' ny alakamisy dia vao maika hahery vaika ny fitakian'izy ireo.

**Antananarivo**

Noho ny fahaverezana menaka BPN ao amin'ny TR9 63/35KV etsy Ambodivona, nikorontana ny famatsiana herinaratra tamin'ny faritra maro teto Antananarivo. Tapaka nanomboka tamin'ny 1 ora hatramin'ny 3 ora ny herinaratra tamin'ny toerana maro ka anisan'izany Ambodivona, SOCIMEX, ESCA, Antanimena, Ankadifotsy (Befelatanana), Villa Pradon, Ambohibary, FALDA Antanimena, Behoririka Ouest, Vassacoss, Ankazomanga, Antaniavo, Tsaramasay, STAR, Andraharo, Ambodivonikely, ary i Anosivavaka. Raha vao vita kosa ny fikojakojana sy ny fanamboarana ilay nanary dia efa niverina tamin'ny laoniny ny jiro. Anisan'ny velontaraina amin'ity famatsiana herinaratra ity ihany koa ny any amin'ny faritra. Tao anatin'ny iray volana mantsy izay no tsy mandeha amin'ny laoniny intsony ny fahazoana herinaratra any Mahajanga any ary mitarika fahavoazana be izany.

**Nath**

## Taratasy ho an-dRamala

### Omena...andro !

Any Ramala,

Asa raha mba nahatsikaritra ianao fa tato ho ato izay dia lasa resaka teto amintsika ity " andro ", " andro " ity. Marina fa avy amin' ny fototeny hoe " andro " ihany no niavian'ny " manandro ", toy izay koa ny " tononandro ". Ny fanontaniana dia izao : " f'angaha moa misy ifandraisany amin'izany ny " andro " resahina sy voizina etsy sy eroa eto an-tanàna sy hatrany amin'ny faritany io Ramala ? Ny momba ilay fisantarana taona antsoina hoe " taombaovao " vao nankalazaina teto amintsika farany teo Ramala dia mety misy ifandraisany tokoa amin'ny " tononandro ", izany hoe misy fijerena andro mihitsy. Io no mahatonga ny adihevitra tsy mampifanaraka ireo mpankalaza " taombaovao " araka ny fomba nentin-drazana io Ramala. F'angaha izay ihany ? Ry zareo any an-dapa sy ireo manampahefana eto an-tanàna koa anie Ramala amin'izao mampiasa an'io " andro " io é ! Ohatra, malaza amin'izao izany " zato andro " izany. Torak'izany koa vao haingana teo izao dia misy indray izany " folo andro " izany. Angamba kosa tsy misy idiran'ny resaka " tononandro " izany Ramala. Resaka fitantanana ve Ramala dia misy fanandroana ? Toa resaka fe-potoana izy ireo. Ny voalohany, fe-potoana hitsarana ireo tandapa amin'ny asa vitany. Ny faharoa indray, fe-potoana hanadiovana ny tanànantsika. Ohatra ny tsy ratsy â ! Raha izany moa no hahavitana zavatra maninona raha hitarina ny fampiharana azy io ? Tsy tambo isaina amin'izao ny raharaha manahirana sy ny olana misy eto an-tanàna sy eto amin'ny tanintsika eto, toy ny delestazy, ny fanafihan-jiolahy arahina fanaovana takalon'aina, ny fanolanana, sns. Tokony omena firy andro koa Ramala ireo tompon'andraikitra mba hamahany ireny karazana olana maro samihafa ireny? Fa indrindra ity fanolanana…fanolanana ity tokony omena firy andro hampitsaharany izany ireny mpanao asa ratsy ireny ? Lasa ohatra ny resaka mifananihany fotsiny sisa le izy satria arakaraka ny anenjanan' ny any an-dapa sy ny manampahefana eo amin'ny fanasaziana no vao mainka mampitombo ny fanolanana. Efa lava izay Ramala f'aleo faranana eo aloha ny androany, amin'ny manaraka indray.

**Ragasy**






Mialy Rajoelina

# Notoloran'ny UNFPA amboara ho fankasitrahana ny ezaka vita

Tonga mitsidika eto amintsika amin'izao fotoana izao i Lydia Zigomo, izay talem-paritry ny UNFPA eto Afrika atsinanana sy atsimo. Manatanteraka atrikasa mikasika ny fahafahana manohana mba hanafainganana ny fitovian-jo amin'ny lahy sy ny vavy izy ireo ka nasaina manokana hanatrika izany ny vadin'ny filoha Mialy Rajoelina. Noho ireo ezaka maro be vitan'ny filohan'ny fikambanana Fitia nandritra ny dimy taona, indrindra eo anoloan'ny ady amin'ny herisetra sy fampitovian-jo eo amin'ny lahy sy ny vavy, notoloran'ny UNFPA amboara izy ho fankasitrahana ny ezaka rehetra nataony. Mifanindran-dalana sady mifanojo amin'ny fomba fijeriny sy ny ady izay sahaniny ka tsy nisalasalany nanaiky hiahy izany ho « championne de la lutte contre les VBG. Ny herisetra izay sakana ho an'ny fampandrosoana sy ny fampivoarana ny vehivavy sy ny tovovavy. Samy mahatsapa ny rehetra fa misy ny asa natao ary miaraka mientana ny rehetra saingy mbola maro koa ireo fanamby miandry manoloana ny firongatry ny herisetra ankehitriny. Re tato ho ato tokoa mantsy ny tranga fanolanana izay ataon'olona akaiky fa tsy lavitra an'ilay zaza ka anisan'izany ny raikely, na dadatoa. Ny tena mahonena anefa, tsy afaka mitaraina na miteny ireo tratra ny herisetra fa mangina ary matetika aza mahatsiaro ho vokatry ny nataony no nahatonga azy niharan'ny herisetra.



Nahazo trophée indray Rtoa Mialy Rajoelina.

**Toky**

Rehefa ny vadin'ny filoha tokoa mantsy no mitarika zavatra, azo antoka fa moramora kokoa ny fampiharana ny lalàna ary indrindra ny fanasaziana izay nahavanona ny heloka be vava atao amin'ireo ankizy. Mbola nanome toky ny hanohizana hatrany ny ady amin'ny herisetra izy ary hijoro ho mpiaro ny zaza sy ny vehivavy manoloana izany. Efa nolazainy izany tany Toamasina nandritra ny fanamarihana ny andro iraisam-pirenena ho an'ny zon'ny vehivavy ary mbola naveriny ny fahavononany andray andraikitra. Mbola mitohy ihany koa ny fanentanana amin'ny fampiasana fanabeazan'aizana sy ny ady amin'ny fampanambadiana ankizivavy izay mbola betsaka eto amintsika.

*Mbola vonona hanampy sy hiady amin'ny herisetra Rtoa Mialy Rajoelina*

Nidina tany amin'ny faritra Atsinanana iny i Lydia Zigomo ka afaka nijery ny tolotra omena an'ireo efa niharan'ny herisetra mifototra amin'ny maha lahy na maha vavy izy. Tsy maintsy miverina eny amin'ny fiarahamonina mantsy izy ireo ka ilaina ny fandraisana an-tanana sy tohana na ara-moraly na ara-bola na ara-pitaovana. Nanana fotoana tsara ihany koa ifampitafana amin'ireo rehetra miasa eny ifotony miady amin'io herisetra mifototra amin'ny maha lahy na maha vavy sy hamongorana ny fahafatesana eo am-piterahana ary ny hampitoviana zo.

**Nath**

Vidim-bary

# Mila tsy ho takatry ny fahefa-mividin'ny vahoaka

*Mizaka ny tsy eran'ny ainy ny any amin'ny faritra.*



Iankinan'ny ain'ny Malagasy ny vary. (Tahirin-tsary)

Midangana ny vidin'ny entana ilaina andavanandro. Raha ny vary, foto-tsakafon' ny Malagasy, manokana no resahina dia mila tsy ho zakan'ny fahefa-mividin'ny vahoaka intsony. Raha ny eto amin'ny faritra Analamanga dia tsy latsaky ny 3 000 Ariary ohatra ny vidin'ny vary zanatany na dia efa nisy fidinany aza taorian' ny fiakaran'ny vokatra vary aloha. Maro ireo tokatrano efa tsy mahavidy vary amin'ny kilao intsony fa efa mandeha amin'ny kapoaka. Mihasahirana rahateo ny vahoaka ary manaporofo izany ny fanadihadiana nataon'ny Banky Iraisampirenena farany, izay nanamafy fa ny 75, 2 isanjaton'ny Malagasy dia miaina ao anatin'ny fahantrana lalina avokoa tamin'ny taona 2022. Ireto farany izay mivelona amin'ny vola ambanin'ny 4 000 Ariary isam-batan' olona isan'andro. Manoloana ny fiakaran'ny vidim-piainana, izay efa nahatratra 10,5 isanjato tamin'ny ankapobeny tamin'ny taondasa, dia mihena am-pitoerana toy ny fen'antitra ny fahefa-mividin'ny vahoaka. Raha hiverenana ny momba ny vidim-bary dia ny any amin'ny faritra no tena mizaka ny tsy eran'ny ainy. Efa mahatratra 4 200 Ariary ohatra ny kilaon'ny vary any amin'ny faritra Anosy sy Sava ary Sofia, ary tafakatra 4 550 ny any Diana. Nanazava ny teo anivon'ny Minisiteran'ny Fampiroboroboana ny Indostria sy ny Varotra ary ny Fanjifana fa ao anatin'ny fotoam-pahavaratra maharatsy ny lalana ny eto amintsika ankehitriny, ka izany no mahatonga ny fahasamihafana eo amin'ny vidim-bary isaky ny faritra tsirairay andaniny, sy ny fahasamihafana eo amin'ny saram-pitaterana ankilany. Antenaina ny mbola hidinan'ny vidim-bary, satria eo anelanelan'ny volana janoary sy marsa ny fiakaran'ny vary aloha, ary manomboka ny avrily ka hatramin'ny jona ny fiakaran'ny vary vakiambiaty avy any Alaotra.

**R. Muray**

Vahoakan'Antsiranana

# Mitady olona vonona hitondra ny hetahetany



Manana ny hetahetany koa ireo vehivavy amin'ny fampandrosoana ny faritra misy azy.

Nanamarika ny andro iraisam-pirenena ho an'ny zon'ny vehivavy ny tao Antsiranana. Ankoatra ny filaharambe sy ny fihetsiketsehana ara-tsôsialy maro samihafa niarahan'ny fikambanam-behivavy maro tao an-toerana nanatanteraka dia nisongadina ihany koa ny fitakian'ireto farany ny handraisan'ny fikambanana Diego Miray anjara eo amin'ny sehatra politika. Niorina tamin'ny fomba ofisialy tamin'ny taona 2009 tao Antsiranana ity fikambanana ity. Feno 15 taona ankehitriny, ka nanambara ireo mpikambana fa fotoana izao hirotsahana amin'ny sehatra politika. Nangatahan' izy ireo ny hirotsahan'ny filoha mpanorina ho kandida amin'ny fifidianana solombavam-bahoaka ho avy izao. Nanamafy ity farany fa ny ny firaisan-kina sy ny fifanohanana eo amin'ny samy mpikambana aloha no laharam-pahamehana. Efa mahatratra 7 250 ny isan'ireo mpikambana. Notsindrian' ireo mpikambana manokana fa io filoha io no afaka mampita ny filàn'ny faritra misy azy ireo no sady afaka mifampiresaka amin'ny antanan-tohatra sy mpisehatra maro hahafahana mampandroso an'Antsiranana. Anisan'ny nisongadina nandritra ny fankalazana io andro iraisam-pirenena ho an'ny zon'ny vehivavy io arak'izany ny hetahetan'ny vahoakan'Antsiranana ny mba hirotsahan'ny filohan'ny fikambanana Diego Miray ho kandida solombavambahoaka amin'ny fifidianana amin'ny volana mey amin'ity taona ity.

**R. Muray**

USAID Madagascar

# Hanohana ny Fadintseranana Malagasy

Mandray anjara amin'ny fampandrosoana eto Madagasikara ny Amerikanina. Hotanterahina anio eny Mamory Ivato ny fanombohana amin'ny fomba ofisialy ny fiaraha-miasan'ny USAID Madagasacar, na ny Fandaharanasan'ny Amerikanina misahana ny fampandrosoana iraisampirenena, amin'ny Fandintseranana Malagasy. Roa taona ny faharetan'ny fiaraha-miasa, koa ny PNUD, na ny Fandaharanasan'ny firenena mikambana miandraikitra ny fampandrosoana, no hiara-hanatanteraka azy amin'ny Fadintseranana Malagasy. Hifantoka amin'ny fanatsarana ny fahombiazana sy ny fangaharahan'ny rafitra fitantanana misy ankehitriny amin'ireo fadintseranana ny tetikasa mba hahafahana manantateraka ny rafitra stratezika hoentina mitondra fanavaozana ao amin'ity foibem-pitondrana ity. Hanome voninahitra ny lanonana anio ny Ministiry ny toekarena sy ny fitantanambola, Rabarinirinarison Rindra Hasimbelo, sy ny Masoihon'i Etazonia, Claire A. Pierangelo.

**R. Muray**

Fizahantany

# Niakatra 22 333 ireo vahiny tonga tao anatin'ny roa volana

Mihazakazaka ny fahatongavan'ireo vahiny tonga mizahatany eto Madagasikara. Araka ny antontanisa vonjimaika navoakan'ny Minisiteran'ny Fizahantany sy ny Asa tanana farany, dia nahatratra 22 333 sahady ireo tonga tao anatin'ny roa volana voalohany tamin'ity taona ity. 11 250 ny fitambaran'ireo tonga nandritra ny volana janoary ary 11 083 ny tamin'ny febroary. Raha natao ny fampitahana tamin'ny antontanisa azo tamin'ny taon-dasa ho an'ny roa volana voalohany dia nitombo ny isan'ireo vahiny tonga nitsidika ny Nosintsika. Tamin'ny taona 2023, dia 19 348 ny fitambaran'ireo mpizahata tany avy any ampitan-dranomasina tonga. 10 157 ny tamin'ny janoary 2023, ary 9 191 ny tamin'ny febroary 2023. Na izany aza mbola ny tamin'ny taona 2019 ihany no betsaka indrindra ny mpizahatany tonga teto Madagasikara, satria raha ho an'ireo volana roa ireo fotsiny dia efa nahatratra 25 068, koa ny nandritra ny janoary 2019 ny 12 696 ary tamin'ny febroary 2019 ny 12 372.

**1 tapitrisa isan-taona**

Anisan'ny vina napetraky ny fanjakana ny hanenjika mpizahatany 1 tapitrisa isan-taona manombona amin'ny taona 2028. Mitaky ezaka sy asa goavana anefa izany, satria mila ampitomboana ny isan'ny toerana any anaty fiaramanidina, ny isan'ny trano fisakafoana, ny isan'ny efitrano fandriambahiny, sns. Tafiditra ao anatin'izany koa ny fampahafantarana an'i Madagasikara eo amin'ny sehatra iraisampirenena sy ny fisintona mpampiasa vola na avy eto antoerana na avy any Ivelany. Anisan'ny endrika ratsy ho an'ity sehatra ity ohatra ny fanapahan-kevitra noraisin'ny kaompaniam-pitaterana an'habakabaka Air Austral hampiato vonjimaika ny sidina mankany sy avy any Toliara sy Taolagnaro manomboka ny 1 avrily ho avy izao.

**R. Muray**



Manintona ireo vahiny ny fitsidihana valan-javaboary. (Tahirin-tsary)

Ankadimbahoaka

# Hahazo tombony manokana avy amin'ny Filatex

Hisian'ny fiarahamonina mahafinaritra sy mirindra amin'ireo olona mipetraka eo amin'ny manodidina azy, nanangana tetikasa hanatsarana sy hanokafana izany kartie izany ny vondrona Filatex. Taorian'ny fifampiresahana sy fihenoana ireo mponina eny Ankadimbahoaka sy ny manodidina, no nahatongavana amin'izany, izay tafiditra anatin'ny fandaharasan'ny RSE ao aminy. Fantatra fa halebiazina ny lalana fidirana ary hatao pavé. Hasiana « pompe publique » ihany koa ary hosokirina sy ho diovina ireo lakandrano. Eo ihany koa ny fametrahana « lampadaires solaire », tafiditra ao anatin'ity tetikasa « Emergence » eny anivon'ny kartie. Ankoatra izay hahazo kianja fanaovam-baolina ireo tanora sy mpanentana ara-panatanjahantena. Amin'ny faran'ny volana martsa izao no ho vita ireo fotodrafitrasa ireo, izay hisitrahan'ireo mponina eny an-toerana. Aorian'ny fametrahana sy fahavitan'izany, ho afaka amin'ny tsy fandriampahalemana ny mponina sy ireo mpampiasa ny lalana, tsy ho tratry ny tondra-drano intsony koa rehefa fotoam-pahavaratra. Hitondra vokatsoa amin'ny lafin'ny fahadiovana sy fahasalamana ho an'ireo mipetraka eny antoerana ihany koa izao tetikasa izao. Tsy adinon'ny Vondrona Filatex ny fikojakojana ireo sehatra maitso sy fanavaozana ireo fotodrafitrasan-dReivohitra, hananan'ny mponina fiainana mendrika. Mitohy hatrany koa moa ny tetikasa HIMO, izay ny kartie Ankorondrano sy sy Ivandry no misitraka izany.

**Rabenaivo**

Lisitry ny kandidam-panjakana

# Saro-piterahana ny famoahana azy !

*Raha tsy misy ny fiovana dia amin'ity herinandro ity no mety ho fantatra ny anaran'ireo kandidà depiote manohana ny fitondrana.*



Miandry fatratra izay mety havoakan'ny " Ampitso " ireo mpikatroka eny ifotony ho an'ny mpanohana ny fitondrana.

Andrasana fatratra ! Mbola tsy hita soritra hatramin'izao ny anaran'ireo olona hisalotra ny «dossard » ny antoko manohana ny fitondrana. Hifandroritana tanteraka ny fanomezana ny alàlana na ny « mandat » avy amin'ity vondrona antoko ity. Vokatr'izany dia lasa miteraka ady anatiny ho an'ireo mpikatroka sy mpitolona manohana ny Filoha izany. Samy te ho tendrena ho depiote any amin'ny distrika izay niaviany mantsy ireo olobe sy lehibem-pikambanana na ihany koa minisitra eo amin'ny fitondrana. Saro-piterahana araka izany ny famoahana ny lisitr'ireo kandidà. Ny Filohan'ny Repoblika moa tany Toamasina namporisika mafy ny tokony hirotsahan' ny kandidà vehivavy. Azo eritreretina araka izany ny mety hahamaro ny kandidà vehivavy ao anatin'ny antoko manohana ny fitondrana. Efa manomboka miseho tsikelikely izany ho an'ireo distrika vitsivitsy tahaka an'i Fianarantsoa, Manakara, Ambositra, Ikongo. Ohatra ihany ireo fa mbola maro ny distrika tarihin'ny kandidà vehivavy. Ho an'ny antoko mpanohitra moa dia efa mamoaka tsikelikely ny anaran'ireo kandidà amin'ny distrika isan-tsokajiny izy ireo. Raha ny heno dia ao anatin'ny fanomanana izany tanteraka ireo tomponandraikitra ka hamoaka ny lisitra tsy ho ela.

**Sakana goavana**

Fa isan'ny sakana goavana amin'ny famoahana ity lisitry ny kandidà hifaninana amin' ny fifidianana solombavambahoaka ity ny mbola tsy famoahan'ny fanjakana ny didim-panjakana mamaritra ny isan'ireo fari-pifidianana. Mandeha be mantsy ny resaka fa mety hisy ny famakiana izany ary hisy ny farim-pifidianana vaovao ka mety hampitombo na tsia ny isan' ireo solombavambahoaka ho fidiana. Tamin'ny alarobia lasa teo no niandrasana ny fivorian'ny filan-kevitry ny governemanta mikasika izany saingy mbola zavatra hafa no laharam-pahamehan' ireo minisitra. Raha tsiahivina dia ny famoahana ny datim-pifidianana sy ny fanaikana ny mpifidy handatsa-bato ary ny anto-bola anjaran'ireo kandidà no efa nisy ny didim-panjakana ofisialy namaritra azy. Ny ankoatra ireo izay tena andrasana mbola tsy misy. Raha tsy misy ny fiovana dia mety ny alarobia izao indray no hivoahan'izany izay hitarika ny hazakazaka mankany amin'ny fifidianana.

JUDD

Filohan'ny Antenimierandoholona

# "Ampiharo ilay lalàna manamafy ny sazin'ireo mpanolana"

Mbola miteraka resabe eny anivon'ny tambajotran-tserasera sy eny anivon'ny fiarahamonina ny mikasika ilay lalàna manamafy ny sazy ampiharina amin'ireo mpanolana vao nolanian'ny parlemantera sy ny efa nankatoavin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana. Omaly, nitondra ny heviny mikasika io lalàna miteraka resabe io ny Jly Richard Ravalomanana, Filohan'ny Antenimierandoholona, izay isan'ny nandany sy nampandany izany teny amin'ny lapa maitso Anosikely. Nambarany tamin'izany, fa isan'ny nandany io lalàna manamafy ny sazy ampiharina amin'ireo mpanolana io ny Andrimpanjakana tarihany ka mahatoky ny tenany fa hihatra amin'izay mahavanon-doza ny sazy araka ny lalàna manan-kery dia ny famosirana sy ny asa anterivozona mandram-pahafaty. Nomarihany tamin'izany fa isan'ny tokony hampiharina io lalàna io ilay nahavanin-doza nanolana zazavavy kely vao 6 taona monja mipetraka eny Imerintsiatosika tamin'ny herinandro ambony.

**Nanolotra fanampiana**

Mikasika iny trangana herisetra ara-nofo iny hatrany, dia tonga nitsidika sy nankahery ilay zazavavy kely sy ny fianakaviany tetsy amin'ny hôpitalim-panjakana HJRA Ampefiloha, ny Jly Richard Ravalomanana, filohan'ny Antenimierandoholona sy ny loholona Eddie Fernand Serge ary ireo mpiara-miasa aminy eny Anosikely, omaly. Tsy tonga tanam-polo ireo delegasiona avy amin'ny Antenimierandoholona ireo tamin'izany fa nanolotra fanampiana ho amin'ny fitsaboana an'ilay zazavavy kely. Nilaza io filohana Andrimpanjakana io tamin' izany fa mandray ny andraikitra manandrify azy ny Fitondram-panjakana amin' ny ady amin'ny herisetra aranofo ka ho hita eo ny tohin'ny raharaha. Tsy nanadino nankahery ireo mpitsabo ihany koa io Filohan'ny Antenimierandoholona io nandritra izany satria araka ny teniny dia manao ny ainy tsy ho zavatra amin'ny fitsaboana sy fikarakarana ireo zaza iharan'ny herisetra izy ireo ka mila tohanana hatrany.

Nangonin'i Mamy R.



Tonga nankahery ilay zazavavy kely 06 taona mipetraka eny Imerintsiatosika ny delegasiona avy amin'ny Antenimierandoholona, omaly.

Mpikamban'ny HCDDED

## Voatendry ireo mandrafitra azy

Noraisin'ny ny Filohan'ny Repoblika tamin'ny 6 marsa 2024 teo ny didim-panjakana laharana 2024-467 izay hanambarana ireo mpikambana vaovao mandrafitra ny Filankevitra ambony momba ny Demokrasia ny Fiarovana ny Tany Tandalàna (HCDDED). Misy 8 ireo voatendry ao anatin'izany, izay nofidiana isaky ny andrimpanjakana sy sampan'asa misy. Tafiditra ao anatin'izany Rtoa Ranampy Gisèle solotenan'ny Fiadidiana ny Repoblika ; Atoa Ramarokoto Fenosoa Emile solotenan'ny Antenimierandoholona ; Atoa Zafilaza solotenan'ny Antenimierampirenena ; Atoa Ranadialison Angelo solotenan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ; Atoa Samuel Rokotondrainy Herimandimby Rajaona solotenan'ny Fitsarana Tampony ; Andriamanatenana Jean Marc solotenan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleo tena misahana ny Zon'olombelona (CINDH) ; Atoa Ramarosaona James solotenan'ny Holafitry ny Mpanao Gazety ; Bâtonnier Radson Solo solotenan'ny Holafitry ny Mpisolovava.

JUDD




Etsy Ankadimbahoaka no misy ny foiben'ny HCDDED.

Raharaha Andry Andriatongarivo

## Mitaky ny fampitoviana lenta ny fitsarana ireo mpisolovava

Tsy mitsahatra mivoatra raharaha momba an'i Andry Andriatongarivo. Ankehitriny dia andiana mpisolovava mpiaro azy no mitaky ny fampitoviana lenta ny fitorian'ny andaniny sy ny ankilany. Raha tsiahivina dia nisy ny fitoriana nataon'Atoa Andry Andriatongarivo mikasika ny fanapozinana sy famonoana azy tamin'ny asidra saingy nosokajian'ny fitsarana ho tsy misy tohiny. Etsy ankilan'izany anefa dia noraisin-dRtoa minisitra ho fanalam-baraka azy kosa ny karazana fifonana sy ny antso nataon'ny nataon'ny renin'ity voafonja ity momba ny hisian'ny fitoniana sy ny fahatongavantsain'ny rehetra. Mandeha be ny fandinihana io raharaha io satria dia ny 5 marsa lasa teo no nalain'ny zandary tany amin'ny fonja nitazonana azy ao Imerintsiatosika Atoa Andry Andriatongarivo mba hatao fanadihadiana momba ity fitoriana ity. Manoloana izany trangan-javatra izany dia manahy ny fisian'ny mety ho tsindry atao amin'ny resaka fahefampitsarana amin'ny olona arovany ireo mpisolovava ka namoaka fanambarana. Mahatsapa ihany koa ireto mpisolovava ireto fa tokony havela hanao ny asany ny ankalalahana ny fitsarana izay tsy misy idiran'ny maha mpikamban'ny governemanta velively. Mila ampitoviana lenta hoy izy ireo ny fandinihana nyraharaha ary tsy misy idiran'ny adihevitra arapolitika. Mitaraina sy manahy ihany koa ny fianakaviany manoloana ny tsy fahasalamana mahazo an'i Andry Andriatongarivo ankehitriny. Miantso ny mpitondra araka izany izy ireo mba hijery akaiky momba ity fitarainany ity.

JUDD

TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*


Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Talatamaty

# Fiara roa nifandona, olona efatra naratra mafy





**Simba tanteraka ireo fiara roa niharan-doza.**

Loza no niseho teny amin'ny rond point Andriatany, ao anatin'ny fokontany Faralaza kaominina Talatamaty distrikan' Ambohidratrimo, tokony ho tamin'ny 10 ora sy sasany alina. Fiara roa no nifandona ka olona efatra no naratra mafy nandritra izany. Tamin'iny lalana mampitohy an'ny sampanana Ambohitrimanjaka sy Andranotapahina iny no nitrangan' izany. Fiara iray marika Chevrolet Cruze nihazo ny lalana mankany Andranotapahina no nidona tamin'ny fiara iray hafa marika Kia Sportage izay nifanohidalana taminy. Samy tsy nisy nahatana familiana izy ireo ka nampidofitra ireo fiara ireo. Araka ny fanazavana dia samy nandeha mafy ireto farany ka vokatry ny tsy fitandreman'ny mpamily no antony nahatonga ny loza. Dia ireo nitarika faharatran' ireo olona efatra ireo, izay 21 taona, 30 taona ary 23 taona ny roa ambiny, ka ny roa dia mpamily ireo fiara roa ireo ary ny roa hafa kosa dia olona nentin'izy ireo avy tao anaty fiara. Ankoatra izay faharatran'olona izay dia nahitana fahasimbana goavana ihany koa ireo fiara nifandona. Soa aloha fa tsy nisy namoy ny ainy tamin' ireo olona tao anatiny. Nisy nampandre mikasika ity zava- niseho ity ny mpitandro filaminana ka raha vao nandre izany ny zandary avy ao Talatamaty tonga dia nandeha tany amin'ilay toerana nitrangan'ilay lozam-pifamoivozana. Fantatra fa efa nentina namonjy hopitaly notsaboina ireo olona naratra tamin'ny fotoana nahatongavan'izy ireo teny.

T.H

Ambodiafontsy

# Zandary nitondra môtô niharan-doza




**Tety amin'ny faritra Ambodiafontsy no niseho ny loza.**

Nisehoana lozam-pifamoivozana naharatrana olona ny alin'ny zoma hifoha sabotsy lasa teo tokony ho tamin'ny 1ora latsaka fahatelony teny amin'ny lalam-pirenena voalohany, fokontany Ambodiafontsy, distrikan' Atsimondrano. Zandary mpiana-draharaha iray no niharan-doza tamin'izany ka naratra. Iny nandeha teny an-dalana nitondra ny môtôny iny ity zandary ity no nisy fahasimbana tampoka tamin'ilay kodiaran-droa. Vaky mantsy ny kodiarana aloha an'ilay môtô. Nianjera avy hatrany ilay mpitandro filaminana ka naratra. Efa nentina namonjy hopitaly notsaboina izy taorian'izay. Tamin'io fotoana io dia nanatanteraka ny asany izy. Nisy lozam-pifamoivozana naharatrana mpitondra môtô mantsy teny an-toerana ary rehefa nisy nampandre mikasika izany ny zandary dia anisan'ny nidina nanao fizahana ifotony teny an-toerana ity zandary mpiana-draharaha ity niaraka tamin' ny mpitandro filaminana iray hafa. Rehefa vita ny fitsirihana nataon'ireo mpitandro filaminana dia nandeha nitodi-doha namonjy toerampiasana izy ireo. Ka ilay zandary niaraka taminy nitondra môtô an'ilay niharam-boina izay efa nalefa namonjy toeram-pitsaboana. Fa ity zandary mpiana-draharaha ity kosa nitondra ny môtô azy manokana. Dia io nisy olana teny an-dalana io ilay kodiaran-droa ka nitera-doza.

T.H

Talatamaty

# Nikasa hanafika, tafaporitsaka ireo jiolahy

Nisehoana asa ratsy teny amin'ny fokontany Mamory Miray Antoby ao anatin'ny kaominina Talatamaty distrikan'Ambohidratrimo ny alahady lasa teo tokony ho tamin'ny 4 ora maraina. Nisy jiolahy saika handroba mantsy teny an-toerana tamin'io fotoana io. Andianjiolahy tsy fantatra no tonga hanatanteraka ny asa ratsiny teny ka rehefa tsy nisy nahita izy ireo vantany vao tonga dia nanao izay fomba nahafahany niditra an-keriny tao amin'ny faritry ny sekoly iray. Nandritra izany anefa tsy nampoiziny fa nisy nahatsikaritra ihany ry zalahy. Ny talen'ilay sekoly avy eo no nampandre mikasika ny zava-niseho tamin'ny mpitandro filaminana ka raha vao naheno izany ny zandary avy ao amin'ny zana-tobiparitra Mandrosoa Ivato dia nandeha haingana nankeny amin'ilay toerana voalaza. Asa anefa na mety efa fantapantatr'ireo jiolahy hoe nisy nahafantatra ny asa ratsy kasain'izy ireo hatao ka sao tratra eo. Fa avy hatrany dia lasa nitsoaka izy ireo na dia mbola tsy tafiditra tany amin'ny trano izay nokendreny hidirana. Mbola tsy nahazo na inona na inona araka izany izy ireo. Nandritra ny fotoana nahatongavan'ireo mpitandro filaminana tany dia efa tsy hitan'izy ireo intsony ireo jiolahy ary tsy namela soritra mihitsy. Nandeha avy hatrany ny fikarohana ireo olon-dratsy fa tsy nahitambokany izany tamin'io. Mitohy ny fanadihadiana sy fikarohana.

T.H

Soavinandriana

# Môtô hotohoton'ny afo

Môtô iray no kilan'ny afo tanteraka ary tsy nisy noraisina intsony teny Soavinandriana omaly tokony ho tamin'ny 6 ora sy sasany maraina. Araka ny fanazavana dia teny am-pandehanana no niseho ny loza. Iny nidina tamin'ny lalana pavé teny ambadiky ny hopitaly Homi iny mantsy ilay môtô no gaga ilay mpitondra azy fa nisy afo teo amin'ny seza. Nijanona avy hatrany izy teo anatrehan'izay ary niala teo ambony môtô. Tsitapitapitr'izay avy dia nijoalajoala ny afo tamin'ilay môtô. Tsy hita novonoina akory anefa ilay afo satria tonga dia nidedaka be ka nahamay azy tsy avotra intsony. Nitangorona ny olona teny an-toerana nanoloana ity zava-niseho ity saingy tsy afaka na nanao na inona na inona intsony mikasika ilay afo. Tsy fantatra mazava aloha ny anton'ny nahatonga ilay afo na « court circuit » na misy idiran'ny lasantsy ihany koa anefa. « Vita fitsirihana tsara ilay môtô isaky ny hiainga saingy ny loza tsy mampilaza ary ny tampoka tsy mahalehilahy » hoy ny tompon'ilay môtô may. Nilaza izy fa na dia efa natao aza ny ala nenina dia tsy voavono ny afo. « Marina fa ny vola fitady ary ny herim-po fanary fa malahelo ihany ny tena », hoy hatrany ilay tompon'ny môtô naneho ny alahelony manoloana ity fananany rava tao anatin'ny segondra vitsy monja ity.

T.H



**Toy izao no niafaran'ilay môtô.**

Toliara

# Andian-dahalo nirongo basy nanafika tanàna



**Ny omby no tena kendren'ireo dahalo.**

Nisehoana fanafihan-dahalo tany amin'ny fokontany Belemboke Androvakely ao anatin'ny kaominina Mitsinjo Betanimena any amin'ny distrikan'i Toliara faharoa ny faran'ny herinandro lasa teo. Andian-dahalo nirongo basy no nanatanteraka ny asa ratsiny tany an-toerana tamin'io fotoana io. Tokony ho tamin'ny 1 ora maraina ry zalahy no tonga tao amin'ilay tanàna. Vantany vao tafiditra ny tanàna ry zalahy tonga dia nanatona ny toerana tiany hotafihina hangalana ny omby teo an-tanàna. Nandrahona ny fokonolona izy ireo nandritra izany ka tsy sahy namaly ny olona noho ny tahotry ny ainy. Etsy andaniny ihany koa tsy mitovy ny hery satria miaraka tamin'ny fitaovam-piadiana mahery vaika ireo mpanafika. Nalain'ireo olon-dratsy ny ombin-tsarety roa teo dia nentin'izy ireo nandeha nitsoaka. Araka ny fantatra dia nisy omby barea iray teo fa tsy nalain'ireo olon-dratsy fa navelany teo. Lasa ry zalahy ka nivoaka avokoa ny olona ary raikitra avy hatrany ny fanarahan-dia an'ireo dahalo taorian'izay. Rehefa lasa ry zalahy dia nampandrenesina ihany koa ny mpitandro filaminana manoloana ity zava-niseho ity.

T.H

Arivonimamo

# Fatin-dehilahy efa simba hita teny an-tanimbary

*Vetivety dia niely teo an-tanàna ny vaovao ka nitangorona ny olona nijery izany.*



Ilay lehilahy maty!

Lehilahy iray no hita faty nihohoka teny an-tanimbary tao Maharefo- Arivonimamo ny faran'ny herinandro teo iny. Olona sendra nandeha tany an-tsaha no taitra raha nahita azy toa matory kanefa tsy nihetsika mihitsy. Tsy naharitra io fa nijery akaiky ka hita fa lehilahy efa maty ilay izy. Efa nanomboka ho simba ihany koa ny razana. Nampandrenesina avy hatrany ny tomponandraikitra teo an-toerana sy ny mpitandro filaminana. Vetivety ihany koa dia niely teo an-tanàna ny vaovao ka nitangorona ny olona nijery izany. Efa tonga nanao ny fizahana ny razana teny an-toerana ihany koa ny mpitsabo. Ka raha ny fanazavàna azo dia efa roa na telo andro talohan' io nahitàna razana io no nahafaty ity lehilahy ity. Somary mangina rahateo ilay toerana ka tsy nisy nahita raha tsy tamin'io.

**Tsy fantatra**

Tsy mbola fantatra mazava kosa anefa izay tena antony nahafaty azy fa mbola eo am-panaovana ny fanadihadiana ny mpitandro filaminana. Ny sabotsy lasa teo dia lehilahy iray ihany koa no hita faty natsingevan'ny rano teny Ambatomirahavavy, izay efa notaterina teto omaly. Tsy fantatra intsony na maty an-drano na nisy namono no nahavoa azy ireto. Efa manjaka rahateo ny tsy fandriampahalemana amin'izao fotoana izao ka aleo mitandrina foana ihany.

R.C

Mandritsara

# Tambajotran-jiolahy mpanafika mpandraharaha ravan'ny polisy



Ireo fitaovam-piadiana tratra!

Ravan'ny polisim-pirenena ao Mandratsara ny tambajotran-jiolahy mpanafika mpandraharaha ao an-toerana. Patiraon'omby sy mpanangom-bokatra no notafihan'ireto jiolahy ireto. Araka ny fanazavàna azo, ny volana febroary 2023, nisy fanafihana mitam-piadiana niseho tao Ambohimandroso ka ilay patiraona omby no lasibatra tamin'izany. Namoy ny ainy vokatry ny tifitra nataon'ireo jiolahy azy io. Nanao ny fikarohana ny mpitandro filaminana ka tratra tany Befandriana Avaratra ny iray tamin'ireo jiolahy ny herinandro lasa teo. Fantatra tamin'ny fanadihadiana natao fa mbola ireto jiolahy ireto ihany koa no nanafika mpanangom-bokatra teny an-dàlana hamonjy fodiana tao Andranohorefo- Antsoha ka naratra nandritra izany io.

**Basy 2 azo**

Nandritra ny famotorana nataon'ny zandary io iray voasambotra io dia nanondro ny namany telo lahy izy. Voasambotra avokoa ireo jiolahy namany ireo ary tratra ihany koa ny mpamatsy fitaovam-piadiana azy ireo. Basy roa no azo niaraka amin'ny bala maromaro nandritra ny fisamborana ireo jiolahy. Voalaza fa efa mpanao fanafihana hatrany amin'ny distrikan'Andilamena ihany koa ireto jiolahy ireto. Samy niaiky ny heloka vitany avokoa izy rehetra ireo ary omaly no nanolorana azy ireo teny amin'ny Fitsaràna.

R.C

Asa fisolokiana

# Lehilahy misandoka ho Ben'ny tanàna sy maka vola aman'olona

Rangahy iray ikoizana amin'ny resaka fisolokiana ihany koa no voasambotry ny polisy tao Belalona-Mandritsara ny herinandro lasa teo iny. Misandoka ho Ben'ny tanàna teo aloha izy sady maka vola aman'olona. Tsy vitan'izany fa mpisoloky amin'ny alalan'ny vovom-bolamena sandoka ihany koa ity rangahy ity. Mitety faritra mihitsy izy amin'ny fanaovana izany asa ratsiny izany, izay tonga hatrany Toamasina sy Mahajanga ary Marovoay. Raim-pianakaviana iray tao Belalona no noreseny lahatra hanome volabe azy fa hihaona amin'ny vazaha hividy ilay vovom-bolamena nentiny izy. Nolazainy fa hampitomboiny ilay vola rehefa azo ny vidin'io vovom-bolamena io. Nambarany fa izy mihitsy no iraka nalefan'ilay vazaha.

*Mitety faritra mihitsy ity lehilahy ity manao ny asa ratsiny.*

**Mailo**

Tonga dia mailo avy hatrany anefa ilay rangahy raha vao nahita ny fomba firesany toa hafahafa. Nitady lalana nialana tamin'ilay mpisoloky haingana izy ary nampandre ny mpitandro filaminana. Fotoana fohy taorian'izany dia tonga ny polisy ka noraisimpotsiny teo ity mpisoloky ity. Raha ny fanazavàna hatrany dia matetika miovaova anarana izy ity amin'izay tany alehany. Mbola misy ny namany karohina amin'izao. Omaly kosa izy no natolotra ny Fampanoavana tao Mandritsara ka notanana vonjimaika any am-ponja.

R.C

Antanifotsy

# Taksibrosy nivadika, mpandeha 20 naratra

Nisehoana lozam-pifamoivoizana indray tamin'ny làlampirenena fahafito iny tao Begoaika, fokontany Antemotra, kaominina sy distrikan'Antanifotsy ny Alahady lasa teo tokony ho tamin'ny 4 ora tolakandro. Fiara taksibrosy iray avy any Antsirabe hiakatra aty Antananarivo no nivadika rehefa nidim-pidinana sady fiholanana. Voalaza fa vokatry ny fandehanana mafy sy ny tsy fitandreman'ny mpamily no nahatonga ny loza. Vokany, mpandeha roapolo tao anatiny no naratra ka efa nalefa namonjy hopitaly avokoa. Nisy fahasimbàna ihany koa ilay fiara. Tsy nisy kosa ny aina nafoy. Tonga nijery ny zava-nitranga ny mpitandro filaminana ary efa notanana natao famotorana ilay mpamily.

**Matetika**

Raha ny fanazavàna hatrany dia efa nampimenomenona ireo mpandeha ny fandehanana mafy loatra nataon'ilay mpamily izao niafara tamin'ny loza izao izany. Efa matetika hitrangana lozam-pifamoivoizana tokoa amin'iny làlampirenena fahafito iny. Saika vokatry ny fandehanana mafy avokoa no mahatonga izany. Manampy trotraka ihany koa anefa etsy andaniny ny faharatsian'ny lalana. Noho izany dia tokony hitandrina hatrany ireo mpamily indrindra ireo fiara fitateram-bahoaka toy izao satria ain'olona maro no entiny. Tsy fitandremana kely foana dia mety hamoizana aina sy hanimbàna fananana an-tapitrisany maro.

R.C




Ilay fiara trà-doza!

Miandrivazo

# Dahalo raindahiny maty voatifitry ny zandary

Efa ela no nikarohan'ny mpitandro filaminana ity dahalo raindahiny amin'ny halatr'omby ity, izay fantatra amin'ny anarana hoe Derika. Ny Alahady lasa teo tokony ho tamin'ny 10ora maraina dia nisy nampandre ny zandary fa mihaodihaody ao Ankondromena- Miandrivazo izy. Tonga nanamarina ifotony izany avy hatrany ny zandary ka hita tao tokoa izy. Nanao vela-pandrika ity dahalo ity ka voasambotra satria tsy afa-niala intsony fa voahodidin'ny zandary. Nentina namonjy ny biraon'ny zandary avy hatrany izy mba hatao famotorana. Teny an-dàlana hihazo ny birao anefa dia nanararaotra nitsoaka nandositra izy. Nasaina nijanona fa tsy nety ka voatery nitifitra ny zandary. Maty tsy trà-drano vokatry ny tifitra nahazo azy ity dahalo ity. Fantatra tamin'ny fanadihadiana natao fa anisan'ny tanankavanan'I Bezoma sy Remenamaso izy ity, izay dahalo nampitondra faisana an'iny faritr'i Morafenobe sy Maintirano ary Miandrivazo iny. Mbola mitohy ny fikarohana ireo namany, izay mbola miriaria any anivon'ny fiarahamonina any.

R.C



Ilay dahalo maty!

Fahafatesan'i Avonelina R. - " CFM "

# Samy manana ny filazany ny mpomba azy sy ny mpanadihady

*Nalefa teny an-toerana ny zandary nanao ny fanangonam-baovao.*



Teo amin'ity toerana ity no nahitana ny vatana mangatsiakan-dRamidison Avonelina.

Mbola mifamahofaho ny fomba nahafatesan-dRamidison Avonelina. Ny tomponandraikitra nanao ny fizahana ny tranga teny ifotony nanamafy fa ahiana ho fianjerana no nahatonga ny loza. Ny ankilany kosa milaza fa nisy namono ity ray aman-dreny ity. Ny alahady teo tokony ho tamin'ny 8 ora maraina no nahazo fanairana mikasika ny tranga nahazo azy ny mpitandro ny filaminana. Ny lehiben'ny fokontany tao Tsimiariloha kaominina ambanivohitra Tsarasaotra distrika Ambositra no niantso an'ireo zandary miasa ao amin'ny tobim-paritra Ambositra. Voalaza tamin'izany fa nisy fatin'olona hita eny Tanimalalaka Imaitso.

**Fanadihadiana**

Nalefa teny an-toerana ny zandary nanao ny fanangonam-baovao. Nandritra ny fizahana no nahafantarana fa Ramidison Avonelina, fantatry ny maro amin'ny anarana hoe Ramidy ilay namoy ny ainy. Raha araka ny fitsirihana nataon'ireo mpitandro ny filaminana dia ahiana ho mamo ary nianjera tamin'ny hantsana no nahafaty azy io. Nahitana ratra ny handriny sy ny orony ary io no mety nahatonga ny fahafatesa. Na izany aza dia mbola hita teny aminy ny findainy, firavaka Volafotsy, vola 31 000 ariary, karapanondro ary nisy toaka anaty tavoahangy plastika sy « *torche* ». Ankilany anefa niparitaka ao anaty tambajotra ny vaovao milaza fa maty nisy namono Ramidison Avonelina ary tany anaty ala tao Tsarasaotra, Kaominina Ambanivohitra ao amin'ny distrika Ambositra no nahitana ny vatana mangatsiakany. Mifanohitra tanteraka ny amin'ny fanazavan'ny mpitandro filaminana. Rehefa nantsoinay antaroby ihany koa ny zandary ao Ambositra dia nilaza fa ny sampana « GAPJ » no efa manokatra fanadihadiana hikarohana ny marina. Andrasana araka izany ny tohiny. Marihina fa olona nanana ny maha-izy azy Ramidison Avonelina fony fahavelony satria mpikambana eo anivon'ny komity Fampihavanana Malagasy (CFM) Amoron'i Mania izy ary Administratera sivily misotro ronono sady efa mpampianatra tao amin'ny INFA sy « *ENAM* » Androhibe ihany koa teo aloha. Ankoatra izay dia efa nitazona andraikitra maro teto amin'ny firenena sy ny Faritra Amoron'i Mania.

**Deyland**

Faritra Bongolava

# Hohatsaraina ny lafin'ny fandriampahalemana

Nitondra toromarika vaovao entina manatsara ny sehatry ny filaminana ao amin'ny Faritra Bongolava ny Minisitry ny Foloalindahy, ny Jeneraly Sahivelo Lala Monja Delphin sy ny Minisitra Delege Misahana ny Zandarimaria, ny Jeneraly Rakotondrazaka Andriantsarafara. Fidinana ifotony voalohany niarahan' izy ireo taorian'ny nanendrena ny lehiben'ny Etamazaoron'ireo Tafika sy ny komandin'ny Zandarimariampirenena. Napetraka ho tanjona ny fampihenana ny tahan'ny tsy fandriampahalemana, ary eo koa ny fanatsarana ny fahaiza-manaon' ireo mpitandro ny filaminana any an-toerana ho entina miatrika hatrany ireo ambana rehetra mety hitranga. Araka ny angom-



Ireo Minisitra sy ny lehiben'ny Etamazaoron'ireo Tafika.

baovao dia nihaino mivantana ireo vahoaka ireto manambonahitra jeneraly ireto ary nisy ihany koa ny fizaham-pahasalamana maimaimpoana ho an'ny vahoaka tsy ankanavaka tao Tsiroanomandidy. Io kosa dia niarahan'ny Minisiteran'ny Foloalindahy, tamin'ny mpitsabo miaramila. « Ny Faritra Bongolava dia anisan'ny Faritra nandray anjara tamin' ny « *FIDS* » na ny "*Forum Interrégional sur la Défense et la Sécurité*" andiany voalohany, natao tany Morondava.

**Tomban'ezaka**

Mba ho fanaraha-maso sy fanaovana ny tomban'ezaka miompana amin'izany, dia nidina ifotony ireo Minisitra sy ireo Jeneraly Lehiben'ny Etamazaoron'ireo Tafika ary ny Komandin'ny Fibaikoana ny Zandarimaria nitafa tamin'ireo tompon'andraikitra sivily sy miaramila aty antoerana. Nizara roa lehibe ny fihaonana, ka ny voalohany dia tafatafa niarahana tamin' ny manampahefana, ireo solontenam-panjakana sy ny olom-boafidy » : raha ny fanazavana voaray. Marihina fa mifototra hatrany amin' ireo andry napetraky ny Fanjakana ity hetsika ity. Inoana izany fa hisy vokany izao fidinana izao fa tsy hijanona ho resaka fotsiny sanatria.

**Deyland**

Vohémar

# Raim-pianakaviana maty nananton-tena tao an-tranony

Hatairana ny an'ny olona tamin'ny fahitàna ny fatin'ity raim-pianakaviana iray ity nihantona tamin'ny tady tao an-tranony tao amin'ny fokontany Tanambao, distrikan'I Vohémar ny Alahady lasa teo tokony ho tamin'ny 12ora atoandro. Olona sendra tonga nitady azy tao an-tranony no taitra raha nahita ny zava-niseho. Nampandre haingana ny mponina teo amin'ny manodidina io ka vetivety dia vory ny olona nijery ny zavanitranga. Tonga teny an-toerana ihany koa ny mpitandro filaminana niaraka tamin'ny mpitandro raha vao nahazo fampandrenesana. Ka raha ny fanazavàna azo dia tombanana ho maty nananton-tena ity rangahy ity satria tsy nahitana ratra na mangana tamin'ny vatany rehefa nozahan'ny mpitsabo. Tsy mbola fantatra kosa anefa ny antony nahatonga azy nanao izany. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana moa ny raharaha amin'izao ka mandeha ny fanadihadiana. Natolotra ny fianakaviany ny razana.

**R.C**

Tsaratanana

# Mpaka an-keriny voatifitry ny zandary

Nahery vaika ny fifandonana tamin'ireo dahalo mpaka an-keriny tao amin'ny Kijana Analafotsivolo ao Antevatapaka fokontany Ambolosy, kaominina Ambakireny, Distrikan'i Tsaratanana,omaly. Dahalo iray no lavon'ny bala tamin' izany. Ity farany izay olon-dratsy mpanao fanafihana mitam-piadiana ary mpanao fakana an-keriny any amin'iny faritra iny. Noho ny loharanom-baovao avy amin'ny olona tsara sitrapo no nahafahana nisambotra azy tao amin'ny fokontany Antanambao kaominina Ambakireny Distrikan'i Tsaratanana. Rehefa tra-tehaka izy dia nasaina nanoro ny namany. Nandritra ny famotorana natao no nahalalana fa ity olon-dratsy ity, anisan'ny nandray anjara tamin'ny fanafihana mitam-piadiana sy naka an-keriny olona tao amin'ny fokontany Ambohidronono sy Ambolosy. Anisan'ny namany mbola karohina ireto manaraka ireto dia i Barika, Tefy na i Rasta, Dally, Remaitso, Damanga, selesy Kataka. Voalaza fa mbola mitazona takalon'aina miisa 6 ireo dahalo ireo. Tao anatin'izany dia nentina avy hatrany ho any amin'ny toerana misy an'ireo dahalo ireo ilay voasambotra voalaza etsy ambony. Teny an-dalana no nanararaotra nandositra ilay dahalo ka lavon'ny bala. Mbola mitohy moa ny fikarohana an'ireo dahalo sasany amin'izao fotoana izao. Marihina fa ny distrikan'i Tsaratanàna dia anisan'ny anjakan'ny tsy fandriampahalemana tanteraka ary hanaovan'ny mpitandro filaminana hetsika manokana.

**Deyland**

Toamasina

# Nahitam-bokany ny fanofanana ireo vehivavy voafonja



Nijery ny vokatry ny fanofanana nomena ny vehivavy Voafonja ao Toamasina ny Mpitahiry ny Tombokasem-panjakana.

Mizotra araka ny niheverina azy ny vokatry ny fanofanana nomena ny vehivavy Voafonja ao Toamasina. Betsaka ny mpanjifa ny asa tanana ataon'izy ireo. Voasarika avokoa na ny Malagasy hatramin'ny teratany vahiny. Tsy vitan'ny hoe mividy an'ilay asa tanana ihany ireo olona ireo fa misy ny manao komandy araka izany. Ny vola azo amin'izany kosa dia entina manatsara ny fitaovana sy ny akora hampiasaina, ary misy ampahany homena ilay voafonja nanao ny asa tanana mba hanomanan'izy ireo ny ho aviny. Tonga nanao fitsidihana tany an-toerana ramatoa Randriamanantenasoa Landy Mbolatiana, Mpitahiry ny Tombokasem-panjakana, Ministiry ny Fitsarana. Nandritra izany dia nilaza ny Minisitra fa tsy maintsy hampitomboana hatrany ny traikefan'ireo voafonja mandalo fiofanana. Tsy nionona fotsiny tamin'ny tafa tamin'ireo vehivavy voafonja moa izy fa sady nanome fitaovana hanatanterahana. Izao rahateo izao dia tafiditra amin'ny asa fanarenana ara-tsaina, ara-tsosialy ary arapihariana ho an' ireo rehetra manala sazy ao amin'ny Fonjan'i Toamasina.

**Maha-olona**

Tsiahivina fa tonga nanamarika ny andron'ny Vehivavy, niaraka tamin'ny Voafonja tao Toamasina, Ramatoa Randriamanantenasoa Landy Mbolatiana, Mpitahiry ny Tombokasem-panjakana, Ministiry ny Fitsarana. Nandritra izany no namelabelarany ny politikam-panjakana mikasika ny fanomezan-danja ny maha-olona. Anisan'ireo ny fanatevenana ny fanofanana ny Voafonja, izay sady fanomanana ny famerenana azy ireo eny anivon'ny fiarahamonina no fanamafisana ny ady amin'ny fahantrana. Taorian'izany izy no nanolotra fitaovana milina fanjairana, miaraka amin'ny kofehy, hety, valonan-damba, Lafaoro, lafarinina, siramamy, koveta, fitaovana fanaovam-bolo. Nisy ihany koa ny fizaràna sakafo noho ny fankalazana ny andron'ny Vehivavy.

**Deyland**

Hazakazaka ho eny Tsimbazaza

# Fantatra omaly ny olon'ny TIM 20, kandidan'ny Firaisankina

*Nilaza Ing. Marc Ravalomanana fa andiany voalohany amin'ny kandida Tiako i Madagasikara hitondra ny fanevan'ny Firaisankina io fa mbola hisy hafa hampahafantarina ato ho ato.*



Ireo olon'ny TIM hitondra ny fanevan'ny Firaisankina amin'ny fifidianana depiote.

Na dia mbola tsy napetraky ny fitondrana ankehitriny amin'ny tokony ho izy aza ny fototra hanatanterahana ny fifidianana solombavambahoaka amin'ny 29 May izao, dia tsy mitsahatra ny maneho ny fahavononany hiatrika sy hifaninana amin' izany latsa-bato izany ny Vovonana Firaisankina. Omaly, niroso tamin'ny famoahana ny anaran'ireo kandida TIM 20 voalohany hitondra ny fanevan'io vovonana ivondronan'ny TIM, HVM, Pro Siteny, Tsara Tahafina ary Antoko Politika Madio io amin'izany hazakazaka ho eny Tsimbazaza izany Ing. Marc Ravalomanana. Ireto avy izy ireo : Razafimanantsoa Hanitra - Tana 1 ; Randrianarisoa Stanislas na Rastany- Tana 2 ; Ralambomanana Feno – Tana 3 ; Randriamasinoro Rina – Tana 4 ; Ralambozafimbololona Fetra – Tana 5 ; Andriamampandry Todisoa – Tana 6 ; Rakotomanjato Rodin – Arivonimamo ; Razara Pierre Fidele - Ambatondrazaka ; Rabekijana Solofohery – Amparafaravola ; Jacques François Michel – Antsirabe 1 ; Randrianantenaina Olivier José– Antsirabe 2 ; Livasoa Marotiavina - Betafo ; Randriamboavonjy Nantenaina – Mandoto ; Ramiliarison Andriamampionina Nomenjanahary – Faratsiho ; Ravelonanosy Mamitiana – Ankazobe ; Razafitsioharana Edison – Anjozorobe ; Tsilefinirina Victor Joseph – Fianarantsoa 1 ; Rabenirina Mamy –Ambohidratrimo ; Avotraina Andriamosa – Avaradrano ; Vohangy Raharimanarivo – Antsimondrano. Nialoha ny fotoana nanambarana tamin'ny fomba ofisialy ny anaran'ireo olon'ny TIM, hitondra ny fanevan'ny Firaisankina ireo dia nisy ny hafatra nomen'ny Filoha teo aloha Marc Ravalomanana azy ireo.

**Naneho ny fanoherany**

« *Nofantenina sy nofidiana tao anatin'ny maro ianareo koa zava-dehibe no iarahabako sy iarahaban'ny TIM anareo hitondra ny fanevan' ny Firaisankina amin'izao fifidianana solombavambahoaka izao. Lehibe ny fanantenana apetraky ny vahoaka malagasy aminareo ho fanarenana ny firenentsika satria mafy loatra ny fahoriana mahazo ny mpiray tanindrazana ary tena efa potika ny firenena noho ny fitantanana tsy mahomby. Tsy maintsy manao izay azo atao ianareo mba hahafahantsika mahazo fandresena satria lehibe ny andraikitra sy ny adidy miandry anareo sy ny antoko TIM ary ny Firaisankina. Anjaranareo no mifanaraka sy miombona amin'ireo mpiaradia amintsika satria izay no maha Firaisankina ny Firaisankina* », hoy io laharana voalohany eo anivon'ny antoko Tiako i Madagasikara io tamin' izany. Nomarihany tamin' izany ihany koa fa ampahany voalohany ireo fa mety mbola hisy olon'ny TIM hafa hitondra ny fanevan'ny Firaisankina hampahafantarina ato ho ato. Farany, nitodika tamin'ireo « zanak'i dada » eny ifotony efa neneho ny fanoherany ny kandida halatsaka avy any ambony Ing. Marc Ravalomanana. Nambarany tamin' izany, fa mahafantatra ny tokony ataony sy ny mahasoa ny rehetra, indrindra ny mpiray antoko sy niady niaraka taminy hatramin'izay ny tenany ka tokony hanaraka ny toromarika sy ny fanapahan-kevitra raisiny ny mpanaradia azy.

**Mamy R.**

Minisitry ny Fampianarana Ambony

# Manome lanja ny fifampiresahana, hisian'ny fitoniana eny amin'ny oniversite

Taorian'ny oniversiten'Itasy izay nahazoam-baovao fa hotokanana tsy hoe ela dia ny toeram-pampianarana ambaratonga ambony any Toamasina indray no notsidihin'ny minisitry ny fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa. Ny dokotera Razafiharison Andriamanantena izay tsiahivina fa manome lanja ny fifampiresahana sy ny fifanakalozan-kevitra eo amin'ny mpiara-miombon' antoka rehetra: sendikan'ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra (SECES); ny tompon' andraikitra samihafa eny anivon'ny oniversite, mba hisian'ny fitoniana sy hanatsarana ny kalitaon'ny fampianarana ary ny fampiharana ny fitondrana tsara tantana. Nampahafantarin' ny minisitra mpiahy, nandritra ny fitsidihany ny oniversiten'i Toamasina ny vinan' ny minisitera ao anatin'ny politika ankapoben'ny fanjakana sy ny asa atao ao anatin'ny zato andro.



Oniversiten'Analanjirofo.

**Fanofanana !**

Taorian'Itasy dia mitohy any amin'ny oniversiten' Analanjirofo (any Fenoarivo Atsinanana) ny fanofanana mpampianatra ataon'ny minisiteran'ny fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa. Fampianarana izay nanomboka ny 4 martsa lasa teo ary naharitra telo andro. Fiofanana, tafiditra ao anatin'ny politika ankapoben' ny fanjakana ho fanomezana fampianarana tsara kalitao ny mpianatra sy hanatsarana ny fomba fiasa vaovao entina mampianatra. Ankoatra izay dia nidina ifotony nanaramaso ny fizotran'ny tetikasampanorenana ny oniversite ao Fenoarivo Atsinanana ny minisitry ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Ara-tsiansa, ny 9 marsa lasa teo. Asa tafiditra ao anatin'ny ezaka 100 andro, hanamaivanana ny fahasahiranan'ny ray aman-dreny mampiana-janaka izay nahazoam-baovao fa efa vita ny 90% n'ny asa. Nomarihin' ny minisitra mpiahy fa mifampiankina amin'ny Oniversiten'i Toamasina ny ao Fenoarivo Atsinanana izay efa mandray mpianatra 700, manaraka ny lalampiofanana fitantanana, Lalàna ary Fambolena sy fiompiana. Omaly dia ny trano fonenan'ny mpianatra any Barikadimy no notsidihan'ny minisitra mpiahy.

**V.R.**

## Marina izany !

### Karemy isan'andro!

**Telo herinandro mialoha ny higadonan'ny fetin'ny paska isika izao. Izany hoe efatra amby roapolo andro izay no tsy nihinan-kena ny mpino katôlika mbola manaja ny karemy. Mbola misy mantsy ny manaja azy io na dia efa nandroso soso-kevitra aza ny Papa François fa tsy voatery hifady hanina fa azo atao ihany koa ny manao asa fanasoavana na fihetsika mampiseho fitiavana eny amin'ny fiarahamonina eny. Rehefa tomorina akaiky ny fiainan'ny vahoaka Malagasy dia karemy isan'andro ny ankamaroan'ny tokatrano. Antony, tsy voavidy intsony ny hena satria efa mahatratra dimy arivo ariary sy iray alina ny kilaon'ny hen'omby. Lasa silamo ihany koa ny ankamaroan'ny tokatrano Malagasy satria efa mahatratra roa alina ariary ny iray kilao. Tsy ireo ihany anefa no sarotra fa miaka-bidy ihany koa ny legioma izay mba tokony hasolo ny hena. Toy izany koa ny kojakoja ilaina amin'ny fiainana andavanandro. Tranga samihafa mampiseho fa ao anatin'ny fahasahiranana tanteraka ny vahoaka Malagasy. Olana izay mbola hamafisin'ny fitaintainana noho ny firongatry ny fangalàna tanin'olona sy ny fandravana fotodrafitrasa izay tsy manaja ny fombafomba sy ny fepotoana takian'ny lalàna; ny fitaintainana noho ny firongatry ny tsy fandriampahalemana andro aman'alina…Manginy fotsiny ny fisian'ny fanaparampahefana sy ny kolikoly avo lenta, matetika manapotika fiainan'olona tsy manan-tsiny, amin'ny fotoana tsy ampoizina. Ny somary mahavalalanina anefa dia tsy andrenesam-peo, mahakasika ireo olana ireo ny tompon'andraikitra isan-tokony !**

**Voahangy Rakotozafy**

Toe-draharaham-pirenena

# Miforona tsikelikely ny hetsika samihafa handrehetana afo

Fifanandrifian-javatra ve sa efa misy tetika maty paika hahatongavana amin'ny tanjona iray ? Io no fanontaniana manitikitika ny saina manoloana ny hetsika samihafa izay raha jerena ety ivelany dia samy manana ny azy, nefa tsikaritra ho mifanesy sady tsy mifanalavitra ny tanjona. Ny mampiahavaka ny ankehitriny raha ohariny amin'ny tany aloha fotsiny dia somary olom-baovao mba tsy ilazana hoe olon-tsotra hatrany no lohandohan'ny mpisorona, manomana sy mitarika ny hetsika. Ny akaiky indrindra ohatra dia ny fidinana an-dalambe sy filanjana sorabaventy niaraka tamin'ny kiririoka nataon'ny vahoakan'Antsohihy, omaly. Raha fintinina, naneho ny hatezerany manolona ny olan'ny jiro sy rano tany an-toerana ireo vahoaka ireo ary miverimberina amin'izany ny filazana hoe tsy maintsy aloa isambolana ny faktiora kanefa tsy mifanaraka amin'izay ny tolotra omena. Vao tamin'ny herinandro ambony, izany hoe tamin'ny alarobia 06 Marsa teo raha ny marimarina kokoa no nidina an-dalambe nandoro kodiarana sy nilanja sorabaventy hoe « president, vonjeo izahay fa misy mivarotra ny taninay ka tsy ekenay » ry zareo mponina eny Andohatapenaka.

**Ady tany**

Niarahan'ny rehetra nandre tamin'izany ny antsoantson'izy ireo fa hoe lasan'ny Sinoa ny tany miainga eo amin'ny fiantsonan'ny taxibe hatrany amin'ny fiangonana katolika, izany hoe eo amin'ny 20 ha eo. Tamin'io andro io ihany saingy tany Manakara indray no raikitra ny gidragidra teo amin'ny mpitarika posy sy ny polisy monisipaly tany an-toerana. Niafara tamin'ny tora-bato naharitra adim-pamantaranandro maro sy fanapotehana ny biraon'ny lapan'ny tanàna mihitsy izany avy eo. Mahakasika ireo mpanao politika indray, dia tsy mijanona amin'ny fanomanana ny fifidianana solombavambahoaka fotsiny izy ireo fa sady mitondra fanakianana mavaivay mila ho isanandro mihitsy ho an'ny mpitondra. Na izany amin'ny fomba fitantanana ny firenena sy ny fiatrehana ny zato andro voalohany amin'izao fotoampiasana faharoa izao na amin'ny fanomanana ny fifidianana ankehitriny. Tsy vitsy ireo milaza ao anatin'izany fa mety hitambatra ireo sokajin-kery samihafa ireo, rehefa velona ny afo, ezahina arehitra tsikelikely amin'izao fotoana izao.

**Mamy R.**

## Sarisary zary tenany

Miraikitra




## Hatsikana an-tsary

Menakely




## Masoandro Miposaka

**Eksodosy 6 : 2-4**


**Ary Andriamanitra niteny tamin'i Mosesy ka nanao hoe: Izaho no Jehovah; ary tamin'ny anarako hoe ANDRIAMANITRA TSITOHA no nisehoako tamin' i Abrahama sy Isaka ary Jakoba, fa ny anarako hoe JEHOVAH tsy mbola nahafantarany Ahy, Ary naoriko taminy koa ny fanekeko hanomezako azy ny tany Kanana, dia ny tany fivahiniany izay efa nivahiniany.**

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Na hilevin-ko trandraka aza, na hanidin-ko vorona aza, aiza no tsy hahitako anao ?**

Vous pouvez vous enterrer comme un porc-épic ou vous envoler comme un oiseau, je vous retrouverai quand même toujours.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3195**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | | 6 | | 5 | 2 | 4 | 9 | |
| 7 | 4 | 2 | | | | 1 | | 3 |
| | | 8 | | | 3 | | 2 | |
| | | | 8 | | 1 | | | |
| 6 | | 9 | | | | 8 | | |
| 4 | 8 | | 6 | | | | | 2 |
| | | 4 | | 1 | | 7 | 3 | |
| 2 | 1 | | | 6 | | | | |
| 9 | 6 | 3 | | | 8 | | | |

Valin'ny laharana **3194**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 9 | 8 | 2 | 1 | 7 | 5 | 4 | 6 | 3 |
| 5 | 3 | 1 | 2 | 4 | 6 | 8 | 9 | 7 |
| 7 | 4 | 6 | 3 | 9 | 8 | 2 | 5 | 1 |
| 6 | 2 | 3 | 5 | 8 | 4 | 7 | 1 | 9 |
| 4 | 1 | 7 | 9 | 3 | 2 | 5 | 8 | 6 |
| 8 | 5 | 9 | 7 | 6 | 1 | 3 | 4 | 2 |
| 3 | 6 | 5 | 4 | 2 | 9 | 1 | 7 | 8 |
| 1 | 7 | 8 | 6 | 5 | 3 | 9 | 2 | 4 |
| 2 | 9 | 4 | 8 | 1 | 7 | 6 | 3 | 5 |

## Akon'ny Taombaovao Malagasy an-tsary













## MANAMPY ANAO

**Permanences**
**09 mars au 15 mars 2024**

PHARMACIE DE GARDE

ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86
- NANISANA - Nanisana Iadiambola arret bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50
- MAHAVOKY - Andravoahangy 020 22 255 51/ 034 89 056 09
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06

PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

A.M.I.T.

BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

AMBULANCE

- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM-OI - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

HOPITAUX ET CLINIQUES

- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51

Sekreteram-panjakana

# Mitarazoka ny famoahana ny anaran' ireo voatendry

Maro no miandry ny anaran' ireo voatendry ho Sekreteram-panjakana eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika. Raha efa misasaka ny 100 andro ho an'ireo minisitra mpikamban'ny governemanta dia mbola tsy fantatra mazava sy mitarazoka tanteraka izany ho an'ireo mety ho voatendry Sekreteram-panjakana. Raha tsiahivina dia 11 ireo toerana nanaovana antso filazana fandraisana mpiasa. Anjatony maro no namaly izany ary eo ampiandrasana ny valin'ny fanaterana ny dosieny ireo olona isan-tsokajiny miandrandra izany. Tsy fantatra marina izay antony mampihisatra ny fivoahan'ny fanendrena. Ny asa miandry anefa goavana aoka izany. Ny tomponandraikitra voakasika mivantana rahateo ihany koa tsy nanome fanazavana sy ny mpitsopitsony rehetra momba izany. Asa na tsy mahamaika ny mpitondra indray ny fisian'ireto Sekreteram-panjakana ireo ka tsy mahataitra azy ny fanendrena azy ireo na ahoana ? Maro moa no mihevitra fa hifanitsaka amin'ny asan'ny mpikamban' ny governermanta ny fisian' ity Sekreteram-panjakana ity ka mety ho izay no tsy maharototra ny fitondram-panjakana hanendry azy. Eo ihany koa ny tsy fahampian'ny tetibola hanangana azy ka mbola mihantona aloha ny momba azy. Vinavina ihany anefa izany rehetra izany ka ho hita sy iaraha-mahalala eo izay mety ho tohiny.

JUDD

## TELEVIZIONA

01.01 : Film
02.47 : Film
04.57 : Clips : Misy Raha ®
05.04 : Journal : Viva Événement VM ®
05.45 : Cullte : Tsara Taiza
05.50 : Clips : Christian Music
06.00 : Viva Prod : Viva Réveil
07.30 : Viva Prod : Viva Futbol Masters ®
07.43 : Série Action : Bones
08.26 : Série : Chuck
09.16 : Film
11.32 : Série k-drama : Can we love ®
12.42 : Mistangana RY TANORA (Eliandry feat Didà sy Tahiana)
12.50 : Clips : Misy Raha
13.57 : Film
16.10 : Série k-drama : Can we love
17.40 : Série : Mr and Mrs Smith
18.30 : Magazine jeux vidéo : Game in ®
18.44 : Série comédie : TEE TITANS ®
19.06 : Loterie : BET 261
19.30 : Journal : Viva Événement VM
20.10 : Viva Prod : Viva Futbol Masters
20.30 : Journal : Viva Événement VF
20.50 : MIS'IN ®
20.55 : Viva Prod : NY ZOKO
21.47 : Film
23.16 : Film
01.01 : Journal : Viva Événement VM ®
01.41 : LE FEELING DE TOUTES LES GÉNÉRATIONS

***********

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo B.P. 1414 - Antananarivo
**Tél :** 038 34 344 34
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 582 - 03 - 24
Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

### Patsabe sy legioma saosy

**Zavatra ilaina :** patsabe, karaoty, tissam, korzety, haricot vert, tongolobe, voatabia, tongolo gasy, sakamalao, menaka.
**Fikarakarana azy :** Tetehina araka izay itiavana azy ny karaoty sy korzety. Tapatahina kosa ny haricot vert sy ny anana efa voadio. Atao ny saosy voatabia sy tongolo miaraka amin'ny sakamalao sy tongolo gasy voatoto dia arotsaka ny patsabe. Rehefa mendimendy dia alefa ny karaoty. Asiana rano kely fotsiny hahamasaka azy. Rehefa masamasaka dia alefa ny korzety sy ny haricot vert. Ny anana no arotsaka farany. Avela hiketrika kely dia esorina fa tsy atao masaka be loatra. Azo aroso avy hatrany. Mazotoa homana!

## TELEFAONINA ILAINA

- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins

- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL

- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

AROVY CLINIC

ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

POMPIERS

- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

POLICE SECOURS - GIR

- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

COMMISSARIATS

- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

Taekwondo - " Criterium 2024 "

# Nandrombaka medaly volamena 2 i Jessica Randriamiandrisoa

*Azo lazaina, manomboka mametraka ny anarany ity zanak'i Nicolas Ragonz ity.*

Mitohy hatrany ny fahombiazana ho an'i Jessica Randriamiandrisoa, eo amin'ny taranja Taekwondo. Ny faran'ny herinandro teo, medaly volamena 2 be izao no azon'ity zanaka vavin'i Nicolas Randriamiandrisoa, nandritra ilay « Criterium 2024 », izay nokarakarain' ny Ligue Pays de Loire tany Frantsa ity. Teo amin'ny Poomsae sokajy junior latsaky ny 55 kilao, ho an'olontokana ny medaly volamena iray azony. Ankoatra izay, mbola nahazo medaly volamena iray i Jessica Randriamiandrisoa, teo amin'ny sokajy lahy sy vavy miaraka« paire ».



Mbola juniors i Jessica saingy efa manomboka mandravarava.

Marihana nampanaovina seniors izy teto, niaraka tamin'i Lorris ka tsy namelandry zareo raha tsy norombahany ny medaly volamena. Azo lazaina, manomboka mametraka ny anarany ity zanak'i Nicolas Ragonz ity, izay mivoatra hatrany. Samy manaiky tokoa ny rehetra fa tsy misy fahagagana izany ny vokatra azo amin'ny fanatanjahantena, porofo mivaingana i Jessica Randriamiandrisoa, ankoatra ny rà mikoriana ao anatiny, dia tsy tapaka manaraka fiofanana hampanaovin'ity rainy ity hatrany ramatoakely. Ankoatra izay, ny fanazarantena izay efa voarindran'izy mianaka tanteraka ary tsy manelingelina ny fianarany. Azo atao tsara tokoa ny mandeha lavitra amin'ny fanatanjahantena, fa mila fikirizana sy finiavana fotsiny ihany. Tsy mahamenatra tokoa ny maka tahaka azy ireto e !

**Rabenaivo**

Lalao Afrikanina 2024

# Niampy volamena 3 ny medaly azon'i Madagasikara



Mbola noporofoin'i Eric ny maha sangany azy aty Afrika.

Mitombo hatrany ny medaly azontsika mandritra ny Lalao Afrikanina, tanterahana atsy Accra Ghana. Ny alahady lasa teo, nahazo medaly volamena 3 i Madagasikara, tamin'ny alalan'i Eric Andriatsitohaina, ho an'ny taranja Fibatana Fonjamby. Ny voalohany dia azony teo amin'ny arraché (96kg), ny faharoa dia teo amin'ny épaulé jeté(135kg) ary ny medaly volamena fahatelo farany dia teo amin'ny Total Olympique (231kg). Anisan'ny taranja tena manavotra sy mampiakatra betsaka ny filaharantsika amin'ny Lalao iraisampirenena toy izao ny taranja Fibatana Fonjamby. Indrokely ny tsy niatrehan'i Rosinah sy Tojo ity JA ity, izay manomana ny fifanintsanana hahazoana ny tapakila Olympika. Ho an'ny taranja hafa dia tsy namokatra i Victorine ho an'ny Tolona, izay resina Ejyptiana sy Ivoariana, ho an'ny 50 kilao. Mbola resin'ny teratany Ejyptina koa i Soloniaina, raha nandresy teratany Burundaise kosa i Françoise Élodie saingy raraka teo amin'ny manasa-dalana, izay mbola teratany Ejyptiana hatrany no nanakana ny lalany. Mbola votsotra koa ny medaly alimo teo rehefa lavon'ny Senegalaise izy. Toy izany koa, rehefa tafavoaka teo amin'ny ampahefa-dalana i Emma dia niondraika nanolaoana ilay teratany Nizeriana, teo amin'ny manasa-dalana. Mbola nosakanana teratany Nizeriana koa ny fahazoany medaly alimo.

**Rabenaivo**

## TSIPAKA

Nosokafana tamin'ny fomba ofisialy ny faran'ny herinandro teo tetsy amin'ny Lapan'ny Kolontsaina sy Fanatanjahantena, ilay fifaninanana Smatchin, ho an'ny taranja Basketball.

### Ela loatra !

Feno hipoka tanteraka tao anatiny, izay ny mpianatra no tena maro sy nameno azy. Nisy ny fahatarana kely teo amin'ny fanombohan'ny lanonam-panokafana ka tsy tana ireto mpianatra ireto niantsoantso hoe "ela loatra". Rehefa nandeha indray ny kabary sy lahateny nifandimbiasana, horakoraka sy siotsioka indray no nasetrin' izy ireo izany ka niezaka ny namita sy nanafaingana ny kabariny avy ireo olona nomena fitenenana. Ilazana amin'ny rehetra izany fa tsy tia mihaino zavatra toy izany ny tanora fa ny hijery baolina sy fampisehoana ihany ny azy. Lesona ngezabe no azo tsoahina amin'ireny, dia ny hoe tsy tia mihaino blabla intsony izy ireny, izay angamba efa leo voafitaka na tsy nahazo valiny tany ambadika tany. Ankilany kosa, tokony hahatsapa sy hanaiky ny tanora fa efa fomba fanao rehefa amin'ny lanonam-panokafana sy famaranana ny fifandimbiasana manao lahateny. Anatin'ny fanabeazana sy fampianarana rahateo ny hetsika toy ireny, ka tokony hianatra manaiky sy mahalala fomba ny mpianatra, izay mety hahamenatra ihany raha misy vahiny nahita ny tranga tetsy Mahamasina iny.

**Rabenaivo**

## PASI PASI

Rasamy Anoharana Rado Patrick ( dit Pay )

# Mbola mikotrana no sady manazatra ny zanany mirahalahy

*Fianakaviana mpiangaly ny taranja haiady Jiu-Jitsu Breziliana indray no vahinintsika eto amin'ny PASI PASI anio.*

**Gazetiko** : Anaranao feno

**Pay** : Rasamy Anoharana Rado Patrick ( dit Pay )

**Gazetiko** : Firy taona ianao dia mbola manao JJB ve, ao amin'ny klioban'iza.

**Pay** : 50 taona, ceinture noire ao amin'ny Checkmat Madagascar.

**Gazetiko :** Nanomboka firy taona ianao no nanao JJB ?

**Pay** : Nanomboka ny taona 2008.

**Gazetiko** : Firy ny zanakao, iza avy dia manao JJB daholo ve ?

**Pay** : Manan-janaka roa, ny zokiny Rasamy Anoharana Andy 20 taona ceinture marron, ny zandriny Rasamy Anoharana Bryan 16 taona ceinture bleue

**Gazetiko** : Noterena sa efa tao anatin'ny ràn'ny zanakao ny JJB ?

**Pay** : Noentina nikotrana dia tonga dia nankafy ilay taranja, taty aorina moa tena tafiditra lalina tokoa.

**Gazetiko** : Efa nisy voantso handrafitra ny ekipam-pirenena ve ny zanakao ?

**Pay** : Ny zokiny efa voantso handrafitra ny ekipam-pirenena in-4 (open africa 2017/2022/2023 - abu dhabi world pro 2023) ary ny zandriny efa voantso handrafitra ny ekipam-pirenena tamin' ny open africa 2023.



Mankafy ary tsy manao afa-tsy ny taranja JJB izy 3 mianaka ireto.

**Gazetiko** : Ahoana izany hoe miaraka manao JJB nareo mianakavy kely izany ?

**Pay** : Mahatsapa ho manana tombontsoa be zareo manana Dada hoe coach-ny, izay nandrafitra sy nahatonga azy ireo nisondrotra lavitra be amin'izao.

**Gazetiko** : Ankoatra ny JJB, inona no fialambolinareo mianakavy ?

**Pay** : Tsy dia tena misy fialamboly ankoatran'ny JJB satria miaina amin'io taranja io mihitsy izahay amin'izao.

**Gazetiko** : Fanentanana ataonao ho an'ny fianakaviana mba hanao spaoro.

**Pay** : Efa maro ny mpianakavy miara-manao JJB amin' izao fotoana, tena hahitana betsaka amin'izany ao amn'ny kliobany Checkmat. Manentana an'ireo zanaka manana Ray aman-dreny anatin'ny taranja sy ireo Ray aman-dreny manana zanaka anatin'ny taranja mba hanara-dia azy ireny satria mafinaritra kokoa rehefa mitovy « passion » ianareo iray fianakaviana. OSS!!

**Rabenaivo**

Ady totohondry - " Grand combat d'éveil "

# Katrokady hatramin'ny 90 no hatao etsy Mahamasina



Ho fohazin'Ingahy Boto Gilbert indray ny fitiavan'ny maro ity Ady totohondry ity.

Hotanterahana etsy amin'ny kianja mitafon'i Mahamasina amin'ny alahady 24 Martsa izao, ilay« Grand combat d'éveil », eo amin'ny taranja ady Totohondry. Katrokady hatramin'ny 90 any ho any no hitranga amin'izany, izay handraisan'ireo sokajy maro anjara. Nambaran'i Boto Gilbert, filohan'ny klioba Lion Force mpikarakara ity hetsika ity, fa noho ny fahitan'izy ireo ity taranja ity somary natoritory no anton'izao. Ankoatra ny naha mpikatroka azy fahiny an'ity taranja ity, izay mahatsapa ny maharary an'ireo atleta dia efa mpikarakara ady toy izao ny klioba notantaniny, nanomboka tamin'ny taona 2017. Efa manana ringa tsara sy manara-penitra rahateo isika, hoy, hahafahana manatontosa ity katrokady ity. Efa vonona avokoa ny fikarakarana fa ny fotoana sisa no andrasana, hoy hatrany ingahy Boto Gilbert, izay miandry ny fahavononan'ny rehetra, hahafahana manohy ity hetsika ity. Tonga maro tetsy Andrefan'Ambohijanahary avokoa moa ireo mpankafy sy mpiangaly ary ireo zoky nanandratra avo izany taranja ady totohondry izany taloha, nanotrona ity fampahafantarana ny fizotran'ny « Grand Combat d'Eveil » ity. Afaka nametraka fanontaniana izay manitikitika azy moa izy rehetra ireo, saingy nazava ny tenin'i Boto Gilbert ny amin'ny tokony hanarahan'ny rehetra ny fandaminana mandritra ny hetsika. Nasiaka mihitsy moa ny tenany, nanambara fa tsy misy namanamana mandritra io alahady 24 martsa io.

**Rabenaivo**

" Pureplay Football League " - Andro faha 4

# Hametraka fitoriana tamin'ny fikasihan-tanana nianjady taminy ny mpanazatran'ny DATO FC

*Ny fo ranomafana ka mba tsy hitaran'ny toe-draharaha dia ilaina ny fifanakalozan-kevitra.*




Mpanazatra anisan'ny namoaka mpilalao matihanina maro !

Ho lasa lavitra ny fifandirana nitranga, tany amin'ny kianja Maître Kira-n'Andaboly tamin'ny faran'ny herinandro teo, izay nisy tamin'ny mpanazatra roa lahy Francklin Andriamanarivo sy Naval Joachim, mialoha ny fihaonana teo amin'ny 3FB Toliary sy ny DATO FC avy any Farafangana. Araka ny fanambarana voaray tamin' ny mpanazatran'ny DATO FC dia nisy ny fikasihan-tanana natao tamin'ny tenany, izay nahavoafelaka ny masony havia. Nanteriny fa nitarika fanaintainana, tsy nahitany torimaso nandritra ny alina, izany fahavoazana nianjady taminy izany. Marihina fa nandritra ny resadresaka nifanaovana taminy dia mbola nijanona tany Toliary izy, nitsabo ny masony. Naka taratasy fanamarinana momba ny toe-pahasalamany tamin'ny mpitsabo izy (Certificat Médical) ka nilaza fa hametraka fioriana. Niteraka fanehoan-kevitra sy resabe maro tamin'ny tambajotran-tserasera ity trangan-javatra ity, izay toy ny misy mivoy resaka adim-poko sy fifandrangitana samy hafa, mifanohitra amin'ny toe-tsaina fanaovana fanatanjahantena. Ny valala misy ny mpilaza koa mahay ! Tokony amadibadika impito ny lela vao mamosa-kevitra. Soritana fa nizotra tsara ny fihaonana teo amin'ny ekipa roa tonta, izay nivoahan'ny tompon-jaridaina ho mpandresy tamin'ny isa 1 no ho 0.

### Mila famahana olana haingana

Tahaka izao ny fizotran'ny toe-draharaha tany an-toerana, nandritra ny fanatanterahana ny andro faha-4 tamin'ny « *Pureplay Football League* », araka ny fitantarana tamin'ny antsipiriany nataon'i Coach Naval Joachim (fiantsoan'ny mpanaraka baolina kitra mahafantatra azy) : « *Vavahady anankiroa no fidirana ao anatin'ny kianja. Tany amin'ny vavahady akaikin'ny « gradin » no niditra ny fiarakodia nitondra anay (12 ora 30 mn). Nijanona teo izahay, naka malokaloka tambanin'ilay « gradin » noho ny hafanan' ny andro. Tsy mbola nisy tomponandraikitra tamin'ny fahatongavanay teo amin' ilay toerana, ilany atsinanana. 30 minitra nipetrahanay dia nisy lehilahy nilaza fa tsy azo ipetrahan'ny vahiny ilay toerana. Nanontanianay ny antony mahatonga an'ilay fandraràna. Tsy nahazo valin-teny mahafa-po izahay fa trerona sy fandrahonana no azonay. 15 minitra taorian'izany dia tonga ihany koa Atoa Francklin Andriamanarivo, Fitaleavam-paritra ny Tanora sy ny Fanatanjahantena (DRJS) any Toliary no sady « Commissaire au Match » tamin'ny lalao, niteny anay fa tsy azo ipetrahan'ny vahiny ilay toerana, izay nahagaga anay. Nanaiky niala izahay fa nanontany azy ny tenako momba ny misy ny WC. Niverina niresaka tamin'ny mpilalaoko aho fa andeha WC vetivety, dia avy eo miala eo amin'ilay toerana. Tsy afaka nandeha tany amin'ny WC intsony aho fa ireny no zava-nisy. Niala teo amin' ilay toerana izahay, ary nifindra tamin'ny toeran-kafa* ». Manoloana an'iny trangan-javatra iny dia nametra-panontaniana ny Coach Naval Joachim manao hoe : « *Misy hidiran'ny resaka ekipa A sy ekipa B ve ny fipetrahanay teo ambanin' ilay Gradin ??? Tsy mbola nisy afa-tsy izahay DATO FC irery ihany no mbola teo amin'ilay toerana, izay heverinay fa tsy misy fanelingelina ny hafa. Izahay koa tsy maintsy niala satria hanao match* »

Mba tsy hisian'ny tompontrano mihono sy ny feondakolosy tokana dia niezaka nifandray tamin'ny mpanazatra Francklin Andriamanarivo ny tenanay, toy izay natao tamin'ny Coach Naval Joachim, fa tsy nahazo azy. Mba tsy hitaran'ny toe-draharaha, dia ilaina ny fifanatonana sy ny fifampidinihina, ary ny fandraisan'ny tomponandraikitra voalohany amin' ny baolina kitra an-tanana ny famahana ny olana. Ny isavorovoroan-kilantoana satria tsy misy hahazo tombony amin'ny fifandroritana. Diavolan-kolava ary ny kilalao mbola ho ela ê !

**aris rafaly**




Mpiarahalahy mianala ny mpanazatra !

Hajavola " Boxeur "

# Tsy nanohy ny talentany ny zanany

Mifanipaka tanteraka ny taranja ara-panatanjahantena nataon'i Hajanirina Sylvestre Randrianasolo, fantatry ny maro ary nantsoina tamin'ny anarana hoe « Haja boxeur » sy ny zanany lahy Donga na i Haja Randrianasolo, izay niaro ny voninahitr'i La Réunion teo amin'ny hazakazaka 100 m sy 200 m, nandritra ny Lalaon'ny Nosy natao teto amin'ny firenentsika sy ny fireneny ihany koa tamin'ny taon-dasa, satria ny ray aman-dreny niteraka azy dia malagasy avokoa fa ny reniny mizaka ny zom-pirenena frantsay. Tao amin'ny klioban'ny Stone no namolavola an'i Haja « Boxeur » teo amin'ity haiady mahery vaika ity. Noho ny olana nisy taminy sy ny Filohan'ny Federasionina (FMBA), Itpkl Marellin Harvel, tamin'izany fotoana izany dia nataony fitaizam-batana sy tena sisa ny fanaovana ady totohondry. Nomarihany fa niara-niasa tamin'ny namany mpanao fanatanjahantena, nila fanampiana taminy no nataony. Teo amin'ny lafiny fampikotranana ara-batana (préparateur physique) no nataony tamin'ny mpilalao sy ny atleta lahy sy vavy. Anisan'ny nahazo tombontsoa betsaka tamin'ny fampikotranana nataony ny mpilalao basket-ball, na mandeha tokana izany (individuel) na miaraka (collectif). Araka izany dia betsaka ny klioba nahazo ny fanampiany teto amintsika, ka mbola lohalaharana tamin'izany hatrany ny ekipa mpanao basket-ball, izay anisan'ny taranja nankafizin-dRtoa Ravelonindrina Volanirina sy nilalaovany tao amin'ny ekipan'ny Solima tamin'ny taonan'ny fahatanorany, mialoha ny nipetrahany tatsy La Réunion. Niterahany telo mianadahy i Vola fa i Donga ihany no manao fanatanjahantena. Marihina fa nanomboka teo amin'ny faha-14 taonany no nanaovan'i Haja « Boxe » ka teo amin'ny sokajy « lèger / 60 kg » no nanombohany niakatra teny ambony ringa. Miasa any La Réunion ny tenany kanefa tsy sakana ho azy mivezivezy mankaty aty an-tanindrazany izany. Momba an'i Donga indray dia nandrombaka ny medaly volafotsy ny lehilahy teo amin'ny 200 metatra, ary nitana ny laharana fahatelo ny ekipa La Réunion nisy azy teo amin'ny 4 x 100 metatra. Mananika ny faha-30 taonany ity zanak'i « Haja Boxeur » ity, miasa any France, ary mbola mpitovo sy manohy manao fanatanjahantena hatrany ihany koa.

**aris rafaly**



Reharehan'ny Malagasy ny fananana atleta toy itony !

# Basket-ball : Nifarana ny " Pré-Saison U15F/U17F/U17G"

Notanterahana tamin'ny tolakandron'ny alahady lasa teo, teny amin'ny kianja Toby Ratsimandrava Andrefana Ambohijanahary, ny lalao famaranana rehetra teo amin'ny sokajy latsaky 15 zazavavy sy ny 17 taona zazalahy ary zazavavy . Teo amin'ny « U15F » dia resin'ny MB2ALL tamin'ny isa 58 no ho 40 taona ny Fandrefiala. Tamin'ny isa 56 no ho 46 kosa no nandavoan'ny zazavavin'ny LUCADRO Ambohimanarina latsaky ny 17 taona ny ekipan'ny ASA. Nahery vaika ihany koa ny zazalahin'ny NBE « U17 », izay nandresy ny Fandrefiala tamin'ny isa 55 no ho 44. Araka izao voka-dalao izao dia votso-droa izany ny ekipan'ny Fandrefiala, izay efa miezaka mamelona tanteraka ny sokajin-taona zandriny misy ao aminy. Toy izao kosa ny voka-dalao sasany tamin'ny fiadiana ny tompondakan'ny SBBAR : « VETH » : DBC (60) # BCB (74) – AMBB (28) # ASBM (43) – SMBC (38) # BCR (84) – Tafaray (58) # UBT (39) ; « N1BH » : Luvafto (45) # BCI (29) – Maroliona (39) # ESI (42) – BCR (41) # Jap Mada (36) ; « U16G » : GNBC (31) # ESI (43) ; « U16F » : JCBA (37) # GNBC (17).

**a.r**